IVATO

# FATIN-DEHILAHY FENO DIAN' ANTSY HITA TAO ANATY RANO

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7851 Taona faha-26 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 22 Aprily 2024


MARINA IZANY ! 6

## TANTARA MITOHY !

DR PASTORA RABARI-MANANA ALFRED MIVADY



2

## NOSOKAFANA OMALY NY JOBILY FISOTROAN-DRONONO

TENNIS WORLD TOUR J30

## LASAN'I MIOTISOA RASENDRA NY AMBOARA



11

TSINKAFONA 8

## SADY SAKAFOM-BIBY NO ZEZIKA AZO AVADIKA HO ARINA FANDREHITRA

ANDRY RAJOELINA

## NITOKANA ONIVERSITE MAHAZAKA MPIANATRA 1500 TANY FENOARIVO ATSINANANA

14

MIALOHA NY FIFIDIANANA 6

# MIHAMAFY NY FIFANILIHANA





# EO AMIN'NY SAMY MPANOHITRA







Dr Pastora Rabarimanana Alfred mivady

# Natao Jobily tao amin'ny FLM Toby Fanantenana 67 Ha

Fotoam-bavaka lehibe ho fisaorana sy fankasitahana an'Andriamanitra no nentin'ny FLM Toby Fanantenana 67 ha nanokafana Jobilin'ny Dr Pastora Rabarimanana Herimandimby Alfred mivady, izay handeha hisotro ronono. Ny foibe tamin'ny alalan'ny ny Tonian'ny FLM , ny Pastora Kotobesoa, no nanao ny raharaha tamin'ny Alitara sy toriteny. Ny fidirana faharoa amin'ny 10 ora sy sasany dia ny Tonia lefitry ny FLM, Ramatoa Toromaree Mananato, Teolojianina, no nitoriteny. Nandritra izany no namoaboasany ny teny filamatra nofidian'ny Dr Pastora mivady *hoe " Fa ny fahasoavan'Andriamanitra no naha toy izaho ahy".* (I Kor 15: 10) izay nampifandraisiny tamin'ny teny voalahatra hotoriana manaraka ny perikopa tamin'ity alahady faha-III aorian'ny Paska ity. Midika zavatra maro teo amin'ny Dr Pastora Rabarimanana H. Alfred ny nandraisany ny lohahevitra. Hatramin'ny fahazazany dia efa nandray andraikitra teo anivon'ny Fiangonana Loterana Malagasy ny tenany. Niainga tamin'ny famelomana lakolosy isaky ny alahady maraina izany. Nandalo rafitra maro teo sahan'ny Fiangonana Loterana Malagasy ary efa mpikambana tamin'ny rafitra faratampon'ny FLM (KMSL sy KSL) Nanomboka tamin'ny 1992 no niasa tao amin'ny hopitaly loterana Ambohibao ary tale sady lehiben'ny mpitsabo nanomboka ny taona 1997 ka hatramin'ny taona 2008. Nitondra sy niara-niasa tao amin'ny FLM Ambatovinaky sy ny FLM Mahalavolona ary izao mamarana eo amin'ny fitandremana FLM Toby fananatenana 67 ha izao. *"Taona maro no nodiavina tao anatin'ny FLM nandraisana andraikitra samihafa, tsy ho sahinay ny hiteny hoe firy taona izany no nanompoana teto amin'ny fiangonana ka hoy izahay hoe tokony hisaotra sy hankasitaka an'Andriamanitra noho ny nisafidianana anay ho isan'ny mpiasa teo anivon'ny FLM",* hoy ny Dr Pastora Rabarimanana Alfred. Marihana fa ny asabotsy 20 avrily dia nisy ny antsam-piderana nanamarihana ny jobily, nandraisan'ny antoko mpihira 18 anjara.



Dr Pastora Rabarimanana Herimandimby Alfred mivady.

**Trano fonenana ny tsangam-bato**

Araka ny fanazavana dia amin'ny 22 septambra ny ivon'ny fankalazana ary ny famaranana dia ny 23 marsa 2025. Ankoatra izay dia hisandrahaka amin'ny toerana efa niasan'izy ireo ny fankalazana ary efa misy komity hafa ihany koa no mandrindra ny fankalazana ivelan'i 67 ha. Hankalaza izany ny eny amin'ny Fitandremana FLM Ambatovinaky, ny alahady 28 aprily maraina. Ny synodamparitany Antananarivo dia hanao izany ny 29 desambara. Ny fitandremana Mahalavolona niasana farany dia hanao fankalazana amin'ny 30 marsa 2025

Ary ao amin'ny FLM toby fananantenana 67 ha no hamaranana azy, satria tao no miasa ary tao ihany koa no hamarana azy. Ramatoa vadin'ny Pastora ihany koa dia mpandraharaha tao amin'ny Synodam-paritany hatramin'ny niforonan'ny synodam-paritany ka hatramin'izao misotro ronona izao. Noho izany dia misy ihany koa ny fankalazana mira zotra atao ao amin'ny 67 ha. Ankoatra izay dia mbola maro ny fandaharam-potoana entin'ny komitin'ny Jobily manamarika ny Jobily mandrita ity taona ity mba hahafahana manatanteraka ny Tsangambato (trano fonenana) izay mitentina 117 tapitrisa ariary mahery.

Vahiny maro moa no tonga nanatrika ny fotoam-bavaka omaly. Tonga teny an-toerana ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana mivady.

Tiaray R

Francis Razafiarison

# "Mila mandoa hetra ny mpanakanto raha te ho matihanina"

Nifarana ny asabotsy teo ilay hetsika "Tokotany be" nokarakarain'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, nitondra ny lohahevitra hoe "Tahala ho an'ny indostrian'ny kolontsaina sy ny famoronana". Tanjona tamin'ny hetsika moa ny hampiroborobo ireo orinasa misehatra amin'ny kolontsaina sy ny famoronana. Ny tranoeva rehetra tao amin'ny Tokotany be dia manasongadina izany avokoa fa teo ihany koa ny fampihaonana ireo mpisehatra amin'ny orinasan-kolontsaina ho fampahafantarana ny besinimaro fa mahavelona sady malalaka ny mandraharaha ny kolontsaina ka azo atao tsara ny misehatra amin'izany. Mikasika izay indrindra dia nanazava ny Talen'ny Serasera eo anivon'ny Minsiteran'ny Serasera sy kolontsaina, Francis Razafiarison, nandritra ny resaka nifanoavana taminy fa *"ny mpanakanto raha te hizaka ny zo sy satan'ny maha mpanakanto matihanina azy dia tsy maintsy misy ny fifandraisana amin'ny ministera misahana ny tetibola sy ny toekarena, satria dia tokony handoa hetra ny mpanakanto iray vao azo heverina ho matihanina izy. Misy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny Minsiteran'ny asa sy ny fiahiana aratsosialy, satria tokony hiditra mpikambana amin'ny CNAPS ohatra na mpikambana amin'ny koampania trano fiantohana iray ny artista mba hisy ny fiahiana aratsosialiny. Amin'izay fotoana izay raha sanatria ka misy ny zavatra manjo sy mihatra amin'ilay mpanakanto dia misy ny ahafantaran'ny daholobe indrindra ny ara-panjakana hoe aritista tokoa iny olona iny".*

Mikasika ny fifanarahan'ny Cnaps sy ny Minsitera dia efa 11 izao ny fifampiresahana teo amin'ny andaniny sy ankilany momba ny fiahiana ara-tsosialin'ny mpanakanto. Hatreto anefa mbola vitsy tsy mahatratra ny fetr'isa ny mpanakanto nisoratra anarana. Raha ny fanazavana, mbola marisarisa ny mpankanto hiditra Cnaps ka tafiditra ao anatin'izany ny mpitendry raha any anaty tarika ilay olona. Mandrisika azy ireo hanao izany mba hitsinjovana ny vody andro ho merika. Tahaka izany ihany koa ireo mpisehatra amin'ny kanto hafa, toy ny sehatry ny boky sy ny sarimihetsika ary ny tontolon'ny sary, ka tsy ho mpankafy fotsiny ihany izy ireo fa ho matihanina amin'ny asany.

**Hitohy isan-taona**

Raha ny fikasan'ny minsitera dia hisy isan-taona ity hetsika "Tokotany be" ity. Nitondra teny fisoarana ho an'ny mpanohana ara-pitaovana sy ara-bola ny MSK. Ny tena isaorana dia ny Unesco tamin'ny alalan'ny fandaharanasa PROM'ART . Inoana fa tsy hamotsotra ireto mpiaramiombona antoka sy mpiara-miasa amin'ny andiany manaraka.

Tiaray R

Andriamiary JL (My Art)

# Nisy akony tsara teo amin'ny seha-pihariany ny hetsika "Tokotany be"

Anisan'ny nanamarika ny famaranana ny Tokotany be ny fampirantiana varatava sy atrikasa mikasika ny fanovana sary. Fa teo ihany koa ny fanehoan'ireo mpanakanto misehatra amin'ny sikotra ary ireo mpanao sary amin'ny endriny bitika « miniature » ny toerana na tanana iray sy ny sary 3D. Anisan'ny naneho ny sangansany Andriamiary JL, na My Art, mpanao sokitra. Nasehoany nandritra ity hetsika ity ny sarin'ny voromahery vita amin'ny hazo mpamokatra dipoavatra mena. Mirefy eo amin'ny 1 m sy 30 eo ny haavony ary 90 sm ny sakany. Namabran'i My Art fa nitondra akony tsra taaminy ny fisian'ny hetsika tahaka itony, satria mandritra izany no ahafantaran'ny olona ny kanto ataon'ny tena. Irariana ny hisian'ny hetsika tahaka izao matetika mba hampiroboroboana ny asa tanana malagasy, izay tsy mena-mitaha amin'ny any ivelany. Manana ny mampiavaka azy tokoa aloha ny sokitra ataon'ity mpanakanto ity. Nandritra ny 20 taona izy izao no nikirakira ny sary sokitra. Voandelaka, kininina, sapin no hazo ampiasaina ary fitaovan tsotra toy ny fandraka sy marotoa hazo ary tsofa no ampiasainy. Nandritra izay roapolo taona izay dia ny sary sokitra mampiavaka ary tsy hita afa-tsy eto Madagasikara, ary indrindra nanamarika ny tantaram-pirenena no tena asongadiny, ka anisan'izany ny sokatra, ragidro, maki, voromahery, baobaba. Ankoatra izay dia manao varatava amin'ny sokitra ihany koa izy ary efa betsaka ireo olona nampanao azy izany. Io varatava io anefa no tena manahirana indrindra ny manao azy raha ny fanazavany. Efa talentany nolovany tamin'ny ray amandreniny sy ny dadabeny ny asa amin'ny hazo. Nandalina kely tany Ambositra momba ny sokitra izy ary tany no nahafahany nifehy ity kanto ity.

Tiaray R



Sary sokitra mampiavaka an'i Madagasikara ary indrindra nanamarika ny tantaram-pirenena no tena asongadin'i My Art.

Tetikasa Kanto Manabe

# Lycée 7 eto Antananarivo mampiranty ny sanganasany etsy amin'ny CUA

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny asabotsy teo ary tsy hifarana raha tsy ny 5 mai ao amin'ny Lapan'ny tanànan'Antananarivo ny fampirantiana ny sanganasa sy asatanan'ireo mpianatra nianatra momba ny hosodoko sy ny sary. Ireo Lycée eto Antananarivo Renivohitra izay nisitraka ny "tetikasa Kanto Manabe" no mandray anjara amin'ny fampirantiana izay ahitana ny avy ao amin'ny Lycée Nanisana, Lycée Jules Ferry Faravohitra, Lycée Andohalo, Lycée Jean Joseph Rabearivelo, Lycée TPGC Mahamasina, Lycée Moderne Ampefiloha, ary ny Lycée Analamahintsy. Lohahevitra entina manamarika izany ny hoe "Ny fiainan' ny Malagasy : ny lasa, ny ankehitriny, ny hoavy", ary miditra amin'ny andiany faharoa izy izao. Fikambanana samihafa no nanohana ireo sekoly ireo nandritra ny andro maromaro izay nahitana ny Plum'Art, ny Associatio Varatava, C'ArtBon ,Y-Thirds et Progress ArtWork. Tanjona amin'ity fampirantiana ity moa ny fampiroboroboana ny kanto azo avy amin'ny famoronana. Ny tetikasa "Tetikasa Kanto Manabe" dia mikendry ny hampiditra ny zavakanto amin'ny fanabeazana eto Madagasikara sy ny fanavaozana ny zavakanto eo anivon'ny fiarahamonina malagasy. Ao anatin'ity tetikasa ity, ny fampirantiana faharoa mitondra ny lohateny hoe "Ny fiainan' ny malagasy". Hampitahaina amin'izany ny lafiny samihafa eto Madagasikara, toy ny sarin'ny foko, ny fomba amam-panao ary ny fomba fijerin'ireto mpianatra ireto ny firenentsika.

Tiaray R

La Société DINITRA Sarl MAHAJANGA est rajoutée nos activités suivant PV du 15 Février 2024 enregistré du 11 Avril 2024 au Centre Fiscal B Mahajanga sur F° 33 N° 664 Vol : AC/B 35
- Entreprise Générale de Construction (réhabilitation et entretien)
- Fournitures des matériaux de construction (quincaillerie, des produits des carrières)
- Ouvrages bois et métalliques : fabrication et entretien des pièces mécaniques.
G-CL 815/1-1

# Tafa....sika

Mbola Talenta

## "Tamin'izaho 6 taona no nampianarin'ny dadako gitara tao an-trano"

*Raha vao miresaka hoe Mbola Talenta. Ny gitara no mby ao an-tsaina avy hatrany, satria izy no azo lazaina fa mpanjakan'ny fitendrena gitara. Tarika maro no iarahany, raha ny Ventsokira no nahafantarana azy voalohany. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*

**Gazetiko** : Mbola Talenta Anisan'ny mpanakanto sangany amin'ny fitendrena gitara. Mahafehy ny karazan-gadona rehetra. Tantarao anay ny « « parcours »- nao ka nahatonga anao nahafehy izany hoe fitendrena gitara izany.

***Mbola Talenta*** : *« Rasoamanana Mbolatiana Toky no tena anarako. Mbola Talenta no anarana maha mpanakanto ahy. Dadanay no nampianatra ahy gitara tao an-trano tamin'ny faha-6 taonako. Nanomboka teo aho dia niaraka tamin'ny mozika sy ny gitara ».*

**Gazetiko** : Taranaka mpitendry zavamaneno ve ianao ? Eo amin'ny hira indray. Voafehinao avokoa ny karazan-kira rehetra na kalon'ny fahiny, kalon'ny omaly ka hatramin'izao vaninandro iainantsika izao. Inona no tsiambaratelon'izay fahafehezana ny hira izay ?

***Mbola Talenta*** : *"Taranaka mpitendry gitara mihitsy izahay hatrany amin'ny dadabeanay. Ny dadanay ; ny dadatoanay ka hatraty amiko. Saika nankafiziko daholo ny karazan-kira rehetra indrindra fa ireo hira nitaiza tao amin'ny RNM tamin'izany fotoana izany, satria Rnm no fihainonay. Ny tsiambaratelo, ny fanokafana ny sofina hahay hitia sy hankafy karazan-kira samihafa ».*

**Gazetiko** : Manana tarika maromaro ianao miara-miasa aminao. Ahoana ny fandrindranao ny fotoananao sy ny fifehezanao ireo tarika ireo mba ho afa-po avokoa ? Ianao mihitsy ve no mihantsy an'ireo namanareo sa ry zareo no manatona ?

***Mbola Talenta*** : *« Manana tarika maromaro aho izay niara-natsangako tamin'ireo namana mpanakanto samihafa. Toy ny Tarika Vetsonkira, izay mitrandraka ireo hira katolika natao an-gitara tendry gasy . Ny Tarika Zandry Gasy, izay sady mamelona ireo hira vakoka sy manao ny asa famoronana,ka izaho no misahana an'izany asa famoronana hira izany. Mifototra indrindra amin'ny tendry gasy ny tarika Zandry Gasy ary manana ny fomba fitendrinay miavaka izay nantsoinay hoe : " Bagàsy Mazia Romotra izahay ". Toa izany koa ny Les Talenta izay ivondronanay telo mianadahy : Inah , Fanilo Poppin's ary ny tenako. Ary farany ny tarika Anoka Bagasy, izay natsanganay tamin'ny taona 2022, iarahana misalahy amin'i Haja Telofangady , Ralanto sy Beauzaka . Samy manana ny lalany avy ireo tarika ireo ka ny fahaizana mandamina sy mandrindra no tena tsiambaratelo ».*

**Gazetiko** : Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny "show biz" eto amintsika ? Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny showbiz any ampitandranomasina ? Mpikarakara seho malagasy ihany ve no manafatra anareo rehefa mivoaka any ivelany ? Firenena firy no efa voatetinao tamin'ity resaka zavakanto ity ?

***Mbola Talenta*** : *« Efa miova sy mivoatra be ny showbiz eto an-tanana . Miankina amin'ny rivotra na mozika mitsoka sy malaza ny fivoarany. Amin'izao fotoana izao moa dia ny karazan-kira antsoina hoe Music Urbaine no tena malaza sy tian'ny tanora amin'izao dia miezaka miara-miaina amin'izay karazana mozika izay izahay. Izahay kosa nefa mitana foana ny maha izahay anay, dia ny tendry gasy sy ny*



*tontolony . Ny any ampitandranomasina indray, anisan'ny filàn' ny gasy any dia ny hira sy mozika malagasy na inona na inona karazany. Izay mpanakanto rehetra tonga mampirevy ny havana any am-pitandranomasina dia matetika mahazo fahombiazana daholo rehefa hainao ny mampifaly sy mampirevy azy ireo. Maromaro ihany ny Firenena efa voatety : France , Suisse , Allemagne , Maurice ... »*

**Gazetiko** :Mahavelona ve ny mozika eto amintsika ? Ankoatra ny hira inona no asanao ? Mamoron-kira ve ianao ? Inona no karazan-kira foroninao ? Inona no tombony amin'ny hoe vedety amin'ny hira ? Nitondra inona teo amin'ny fiainanao ny naha artista anao ? Inona no lafiny tsara, inona no lafiny ratsy ?

**Mbola Talenta** : *« Ny mozika dia toy ny asa rehetra misy eto ambonin'ny tany. Tokony hahavelona daholo ny asa rehetra raha hainao tsara ny mitondra sy mifehy azy. Tena mahavelona tsara ny mozika rehefa tena matotra sy matihanina ianao manao azy*

*Tena mpamoronkira mihitsy aho. Ary efa nahaforona hira be dia be. Anisan'ny talenta ray nomen-Janahary ahy ankoatra ny mitendry gitara ny mamoron-kira, izay tena isaorako Azy. Misy lafiny tsara sy ratsy ny maha vedety. Fa amin'ny ankapobeny dia lafiny tsara daholo. Nampiova ny fiainako ilay izy satria izaho taloha sarokenatra be dia taty aoriana tena lasa nanana maha izaho ahy tsara. Ny lafiny tsara fantatr'olona ianao, misy lalana misokatra ho anao , ny lafiny ratsy dia mora arahimaso ianao satria malaza ».*

**Dinika nifanaovan'i Fy**

# Faran'ny herinandro

## "Am-pitiavana be" sy Thiera Bruno no nalaza

*Ankoatra ireo "cabaret " malaza isaky ny faran'ny herinandro. Anisan'ny nanamarika ny faran'ny herinandro teo ny fampisehoana goavana niarahan'i Samoela, Raboussa ary Krutambul tetsy Antsahamanitra sy ny fankalazana ny 70 taonan'i Thiera Bruno, omaly :*

### Antsahamanitra
**Nafana tanteraka ny « Am-pitiavana be » omaly**

Na somary namirifiry aza ny andro omaly. Nafana kosa ny fampisehoana niarahan-dry Krutambul, Raboussa ary Samoela tetsy Antsahamanitra omaly folakandro. Tonga maro ny mpijery ary azo lazaina afa-po tanteraka ireo rehetra tonga namaly ny antson'izy ireo. Saika ireo vazo efa eny ambavan'ny maro avokoa no nalahatry ny zalahy ireto tao an-toerana. Nifandimby nitondra ny vazony ry zalahy amin'ny ankapobeny. Ry Krutambul no nisantatra ny seho ; nandimby azy teo ry Raboussa sy ny ekipany ary nofaranan'i Samoela nandritra ny tapany voalohan'ny fampisehoana. « Am-pitiavana be » no lohateniny, izay azo ambara fa tsy nandiso fanantenana ireo rehetra tonga nialavoly tao Antsahamanitra. Am-pitiavana no nanoloran-dry zalahy ny kantony ; ary am-pitiavana no nandraisan'ny mpankafy azy ireo !

### Espace Nambinintsoa Talatamaty
**Nankalazana ny faha-70 taonan'i Thiera Bruno**

Fahombiazana ! Izay no azo ambara mikasika ny fankalazana ny faha-70 taonan'i Thiera Bruno teny amin'ny Espace Nambinintsoa Talatamaty, omaly. Nomarihina omaly teny an-toerana ihany koa ny faha-55 taona niakaran'ity kintan'ny mozika ity ny sehatra ka naha mpanakanto azy. « Izahay hihira ho azy » no lohateniny seho, izay niarahan'ireo mpanakanto sangany namelona ny vazon'i Thiera Bruno. Ity farany, izay ao anatin'ny tsy fahasalamana ka fanambin'ny zanany ny hanome voninahitra amin'izao fahavelomany izao. Mahery, Lilie, ADR, Fara Glou mary Jacquis Randria no nifarimbona nitondra ny feomangany nivazo ny sanganasan'i Thiera Bruno. Mbola hitohy etsy amin'ny CCEsca ny hetsika tsy ho ela !

**Nangonin'i Fy**




## PETITES ANNONCES Gazetiko

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-4)

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-16)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034..324.79. (G-BA 802/15-9)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 806/6-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA803/20-9)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-3)

Ivato

# Fatin-dehilahy feno dian'antsy hita tany anaty rano

*Ankoatra izay dia nisy dian'antsy roa ihany koa ny foto-peny.*

Lehilahy iray no hita faty tao anaty rano teny Ivato afakomaly maraina. Olona teny an-toerana no nahita ny razana voalohany ary vetivety dia nitangorona nijery izany ny teo amin'ny manodidina raha vao nandre ny zava-niseho. Efa nobataina ary nampiakarina an-tanety ilay vatana mangatsiaka avy eo. Fatin-dehilahy feno dian'antsy ity hita ity. Nahitana izany teo amin'ny fihirifany havanana, voakapa antsy ihany koa ny sofiny havanana. Ankoatra izay dia nisy dian'antsy roa teo amin'ny foto-peny. Nanoloana ity zava-niseho ity dia efa nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka efa tonga nanao fizahana ifotony tany amin'ilay toerana nahitana ny razana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII Ivato. Tamin'ny alalan'izany fizahana izany no nanombanan'izy ireo fa vono olona ity nitranga ity. Heverina fa nisy namono mantsy ilay lehilahy mialoha ny nanipazana azy tao anaty rano.

**Sarety nahitana rà**

Araka ny fizahana natao' ireo tomponandraikitra teny ifotony ihany koa no nahitan' izy ireo sarety taritina amin'ny tanana nisy rà teo amin'ny toerana manodidina ny nahitana ilay razana. Araka izany, tombanana ho novonoina tany an-toerankafa ity lehilahy ity ary nentina tamin'io sarety io dia natsipy tany anaty rano avy eo. Araka ny fanazavana hatrany, efa ho 12 ora teo ho eo no tao anaty rano ilay lehilahy vao io nisy nahita io. Rehefa nahafantatra ny zava- nitranga ny fianakaviany dia nandeha nankeny amin'ilay toerana nahitana ny razana ka rehefa vita ny fizahana rehetra tokony ho natao dia natolotra azy ireo ny vatana mangatsiakan'ity lehilahy ity hikarakaran'izy ireo ny fandevenana azy. Efa mandeha kosa ny fanadihadiana sy fikarohana ny nahavanon-doza ka ny zandary ao Ankadindravola no mandray an-tanana izany.

**T.H**

Toliara

# Jiolahy iray mpanakan-dalana maty voatifitry ny zandary

Nirefotra ny basy tany Toliara ny sabotsy lasa teo. Jiolahy iray no maty voatifitry ny zandary tamin'izany. Raikitra mantsy ny fifanenjehana teo amin'ireo olondratsy sy ny mpitandro filaminana tamin'io fotoana io. Tsy nanaiky lembenana ireo jiolahy fa nampiasa ny basiny ary dia voatery namaly ny zandary ka nisy ny fifampitifirana teo amin' ny roa tonta. Araka ny fanazavana dia anisan'ny jiolahy mpanakan-dalana ity maty ity. Niaraka tamin'ny namany nanao ny asa ratsy izy. Araka ny fantatra dia lehilahy telo nirongo fitaovam-piadiana no nanakan-dalana olona teny amin'ny sampanan-dalana akaikin' ny toerana fivarotam-panafody iray any Tsianaloka. Teo am-panaovana ny asa ratsiny handeha handroba mihitsy anefa ry zalahy no nisy nahatsikaritra ny fihetsik'izy ireo.

**Vetivety**

Tsy niandry ela ireo olona nahita ny zava-nitranga ireo fa avy dia niantso mpitandro filaminana. Ireo zandary nanao fisafoana teo amin'ny faritra manodidina teny no tonga haingana tany amin' ilay toerana raha vantany vao nandre ny antso. Vetivety izy ireo dia tonga tany ary nahita ireo jiolahy. Ireto farany kosa raha vao nahatazana azy ireo dia lasa nirifatra nandositra. Dia io nisy io ny fifanenjehana sy fifampitifirana ka nahalavon'ny bala ny jiolahy iray fa tafaporitsaka kosa ireo namany. Mbola tratra tany amin'ilay maty ny basy vita gasy iray nampiasany nandritra ny asa ratsy. Fantatra fa mipetraka any Mahavatse I ity maty voatifitry ny zandary ity. Mitohy ny fikarohana ireo roa lahy tafatsoaka.

**T.H**

Bongatsara

# Mpangala-jaza nokaramaina 3 hetsy Ariary nidoboka eny Tsiafahy

Voalaza fa nisy nanakarama telo hetsy Ariary ity lehilahy iray ity, mba hangala-jaza. Ny 16 aprily lasa teo izy no voasambotry ny fokonolona tao Ambodivona, fokontany Antsahabe, kaominina Bongatsara, eny Atsimondrano. Ankizivavikely roa no nokasainy hangalarina tamin'io rehefa notambatambazany. Tsy nanaiky anefa ilay iray fa nitsoaka sady niantso vonjy. Raikitra avy hatrany ny fitsofana kiririoka nataon'ny fokonolona raha nandre izany. Tsy namelan'ny olona raha tsy voasambotra ilay rangahy mpangala-jaza. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa nisy naniraka izy ary nokaramaina mihitsy mba hangalajaza kanjo izao trà-tehaka izao. Ny faran'ny herinandro lasa teo ity rangahy ity no natolotra ny, Fampanoavana ka fantatra fa nidoboka eny amin'ny fonjaben' i Tsiafahy izy. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ireo mpiray tsikombakomba aminy, indrindra fa ilay nolazainy fa naniraka sy nanakarama azy. Na izany aza dia mila mailo foana ny rehetra amin'ireny ankizy madinika ireny amin'ny fanarahamaso azy fa tena misy tokoa ny mpangala-jaza eto amintsika.

**R.C**

Tsiroanomandidy

# Kamiao mpanangom-bokatra 3 voaroba, lasa ny 17 tapitrisa Ariary

Kamiao telo handeha hividy vokatra any ambanivohitr'i Bongolava no notafihan'ny jiolahy mitam-piadiana ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany maraina. Toa efa nandrasan'ireo jiolahy mihitsy ny fandalovan'ireo kamiao ireo ka raha iny niditra fiolanana sady fiakarana iny indrindra ireo kamiao, tao Mahalavoandriana-Tsiroanomandidy, izay nitanjozotra no tonga dia nosakanan'ireo. Norahonany tamin'ny tifi-danitra sady nitsofanany kiririoka ireo. Tsy afaka nandeha intsony ireo fiara nanoloana ireto andian-jiolahy nandrangaranga fitaovam-piadiana mahery vaika. Rehefa izany dia norahonany tamin'ny basy avokoa ireo mpamily sy ny mpanampy azy sady notereny hanome vola. Nizarazara tamin'ireo fiara telo ireo jiolahy ary nasesiny norobaina avokoa ireo. Lasan'ireo jiolahy tamin'izany ny lelavola mitentina 17 tapitrisa Ariary.

*Mpamily iray ihany koa no naratra nandritra io fanafihana io ka mbola manaraka fitsaboana amin'izao.*

**Tafatsoaka**

Naratra nandritra io fanafihana io ihany koa ny iray tamin'ireo mpamily, izay nodarohan'ireo jiolahy. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo jiolahy taorian'izany. Niantso vonjy sy nampandre haingana ny mpitandro filaminana kosa ireo voatafika. Efa mandeha ny fikarohana ireo jiolahy amin'izao, izay tafatsoaka avokoa. Efa nalefa notsaboina ihany koa ilay mpamily naratra. Raha ny fanazavana azo hatrany dia nikasa handeha hividy, vary any Ambohitromby ireo kamiao ireo, satria efa fararano ny amin'izao ka betsaka ny vokatra, kanefa dia izao lasan'ireo jiolahy izao avokoa ny vola rehetra. Toa efa fantatr'ireo jiolahy ny fisian'ny volabe amin'itony kamiao mpanangom-bokatra itony ka ataony lasibatra. Noho izany dia tokony hiala amin'ny fitondrana volabe mba hisorohana ny toy izao.

**R.C**

Fihaonana - Tsiroanomandidy

# Jiolahy raindahiny sady mpaka an-keriny maty voatifitra

Efa ela no nikarohan'ny mpitandro filaminana ity jiolahy raindahiny sady mpaka an-keriny ity saingy izao vao tratra ary maty voatifitra mihitsy. Fanomezam-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po no nahafantaran'ny zandary fa nihaodihaody ao Tsiroanomandidy ity jiolahy ity. Fantatra fa nihazo ny lalan'i Bevato iny ity jiolahy ity sy ireo namany. Raikitra ny fanenjehan'ny zandary azy ireo ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Nisy ny fifandonana teo amin'ny zandary sy ireo jiolahy ireo tao amin'ny fokontany Ankaditapaka, kaomina Fihaonana. Vokany, jiolahy iray no maty voatifitra fa tafatsoaka kosa ireo namany. Tratra teny amin'ity maty ity ny basy poleta vita gasy iray nampiasainy. Raha ny fanazavana azo hatrany, anisan'ny naka an-keriny ilay zaza varira tao Ambalasoarano, kaominina Ankerana Avaratra, ny 24 desambra 2023 izy ity. Toy izany ihany koa ny fanafihana tao Antaniditra sy tao Ambohimiarina. Mbola mitohy hatrany moa ny fikarohana ataon'ny zandary ireo namany.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambohimalaza

# Kaomanda sandoka, tratra nisoloky 4 tapitrisa Ar

Tra-tehaka tamin'ny zoma teo teny Ambohimalaza ny lehilahy iray izay nisandoka ho miaramila manambonahitra ambony eo anivon'ny Tafika Malagasy. Nandritra ny fosamborana azy dia mbola nahatrarana Galona Kaomanda izy, rehefa nosavaina ihany koa dia nisy sariny manao fanamiana misalotra io grady io tao aminy ary nahitana fanamiana fitondra manao fanatanjahan-tena an'ny Tafika. Sady misoloky olona ilay lehilahy no misandoka. Nahazo loharanom-baovao mikasika azy ny zandary ka nanao ny fanadihadiana azy tamin'ny alalan'ny brigade Ambohimalaza. Voalaza mantsy fa eny Ambohiboahangy izy io no mipetraka. Vehivavy iray no efa voasolokiny ka nazahoany vola mitentina 4 tapitrisa Ariary. Ny fanazavana nonahafantarana fa resaka varotra no nahafahany nisoloky an'io ramatoa io. Nilaza fa manana vary milanja 5 taonina hamidy izy, alaina ao amin'ny Toby miaramila Ampahibe. Azony ny vola tamin'io fotoana io saingy nanjavona ny tenany ary tsy hitan'ilay vehivavy.



Ilay kaomandà sandoka.

**Antanimora**

Mpivarotra kojakoja kodiaran-droa eny Andrefan' Ambohijanahary ihany koa no efa nosolokiany ary nanambara izy tamin'izany fa manamboninahitra miasa ao amin'ny "Capsat". Olona miisa 2 hafa ihany koa no efa nakàny vola sy nofitahiny amin'ny resaka famatsiam-bary ": araka ny loharanom-baovao azo avy amin'ny zandary etsy amin' ny vondro-tobim-pileovana Antananarivo renivohitra, izay misahana ny fanadihadiana. Nisy olona iray hafa moa nosamborina, rehefa voalaza fa mpiray tsikombakomba aminy ka voatazona miaraka aminy any amin'ny zandary. Marihina fa efa nigadra tao amin'ny Fonja Antsirabe ilay mpisoloky ity ny taona 2019. Efa nigadra fanindroany tao amin'ny Fonja Antanimora ihany koa, izao izy voasambotra izao. Nilaza ny mpitandro filaminana fa efa miaramila io olona io saingy voaroaka tamin'ny taona 2017.

**Deyland**

Ady amin'ny fakana an-keriny

# Tsy maintsy apetraka ao anatin'ny fotoana fohy ny paikady vaovao hoy ny Praiminisitra



Fivorian'ny OMC tao Amboasary Avaratra, Anjozorobe.

Miverina manao ny ataony indray ny dahalo mpaka an-keriny ao amin'ny distrikan' Anjozorobe sy Ankazobe. Raha tsiahivina dia vao ny alakamisy teo no nisy olona 2 namoy ny ainy novonoin' ny dahalo mpaka an-keriny ary 3 hafa nataony takalon'aina, izay mbola tsy tafaverina hatramin'izao, tao Fieferana Marovazaha (Anjozorobe). Tsy vitan' izany fa nisy olona 2 ankoatra io ihany koa namoy ny ainy tao Ambohimamory. Noho ireo indrindra dia tonga namory ny tomponandraikitra ambony misahana ny filaminana ny Praiminisitra, tao amin' ny kaominina Amboasary Avaratra sy Amborontarakely ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta Ntsay Christian niaraka tamin'ireo ministra tomponan'antoka voalohany amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana. Fikatsahana vahaolana no votoatin'ny fidinanana tany an-toerana ka nandray anjara tamin'izany ireo olom-boafidy sy ireo solontenam-panjakana foibe na ny tany an-toerana. Nodinihina lalina ny zava-misy marina sy ny fototry ny olana rehetra. Napetraka ihany koa ny paikady hiadina amin'ny fakana an-keriny.

**Vonona**

Nanamarika ny rehetra fa vonona hanatanteraka ny adidy sy andraikitra manandrify azy ny tsirairay. Anisan' ny toromarika nomen'ny Praiminisitra ny hoe *"tsy maintsy apetraka ao anatin' ny fotoana fohy ny paikady vaovao, entina hiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana ao amin' ny Distrikan'Anjozorobe, sy ny Distrikan'Ankazobe, ary ny manodidina azy ireo »*. Eo koa ny fanamafisana ny fiaraha-miasa sy fandrindrana ny asa eo amin' ireo tomponandraikitra rehetra ho fitandroana ny fandriampahalemana any amin' ireo Distrika voalaza etsy ambony ireo. Atao laharampahamehana amin'izany ny famongorana ny fakana an-keriny, ny fanafoanana ny asan-jiolahy rehetra sy ny halatr omby. Fantatra ihany koa fa hivadika Holafy na "Compagnie" ny Borigady ao Anjozorobe. Ovaina ho Brigady koa ny zanatobimparitra na ny "Poste Avancé" ao Amboasary avaratra, ary ho lasa "Poste Avancé" ny "Poste fixe" ao Marotsipoy. Nihaino ireo tompon'andraikitra ifotony ny Praiminisitra manoloana ireo tranga any an-toerana. Nisy koa ny fivoriana manokana niarahany tamin'ny tompon'andraikitry ny fiarovana, notronin'ireo Minisitra efatra mianadahy, ny Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin, Minisitry ny Foloalindahy, Ramatoa Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana no sady Minisitry ny Fitsarana, ny "*Contrôleur Général de Police*" Rakotomanana Herilala, Minisitry ny Filaminambahoaka, ary ny Jeneraly Rakotondrazaka Andry, Minisitra Delege misahana ny Zandarimariam-pirenena.

**Deyland**

Marolambo

# Rangahy iray novonoin' ireo jiolahy, lasany ny 3 tapitrisa ariary sy ny entam-barotra

Nitrangana fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny tanàna atao hoe Mahalava fokontany Tsivalana- kaominina sy distrika Marolambo, tamin'ny sabotsy tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany hariva. Raim-pianakaviana iray no maty notifirin'ireo tamin'izany ary naratra mafy ny vadin'io olona io. Lasan'ireo dahalo ireo ny vola 3 600.000 ariary, tablety miisa roa, solosaina entin-tanana iray, volamena milanja 20 grama, credit telma maromaro, panneaux solaires,miampy finday avo lenta maromaro …sns. Nitolaly 9 eo ho eo ireo dahalo nandray anjara tamin'ity fanafihana ity. Mpivarotra iray amin'ny tanana voalaza etsy ambony no niharan'ny asa ratsy ary io voaroba entana sy fananana be dia be ireo. Efatra mianaka tao an-trano no tena lasibatra ny herisetra nataon'ireo tsy mata-tody ireo. Nisy ankizy ihany nijanona tao amin'ilay trano saingy tsy nokasihin'izy ireo. Mody nanao hoe hividy fahana (credit » no nahatongavan'ireto farany teo an-tokotanin'ny voatafika ireo.

**Nakorontany**

Fotoana fohy taorian'izay dia nokapain'ny jiolahy tamin'ny antsy ilay rangahy ka naratra mafy ny lohany. Io lehilahy io no namoy ny ainy, avy eo nokapainy ihany koa ilay ramatoa vadin'ilay rangahy ka naratra mafy koa ny tanany havanana sy havia ary ny lohany. Tsy misy ahiana loatra moa ny aminy satria efa nentina namonjy fitsaboana any amin'ny hopitaly Marolambo ity renim-pianakaviana ity. Raha ny hitan'ireo lasibatra dia famaky sy antsy ary vato no fitaovana nentin'ireo jiolahy nanafika io tokan-trano io. Tafiditra tao an-trano mihitsy ry zareo ary nakorontany ambony ambany ny entana tao amin'ny efitra fatoriana sy ny entam-barotra tao anaty trano fivarotana.Mbola mitohy ny fikarohana an'ireo jiolahy ireo.Hatreto dia mboka tsy nisy ny mety ho ahiahiana ho nahavanona ny asa ratsy.

**Deyland**

Ampitatafika

# Mpiambina notifirin'ny mpampiasa azy

Mpiambina iray no namoy ny ainy tetsy amin'ny fokontany Matoza, kaominina ambonivohitra Ampitatafika, distrikan' Antananarivo Atsimondrano. Ny mpampiasa azy ihany no nitifitra an'ity lehilahy ity. Notifiriny tamin'ny basy rehefa voalaza fa saika hamira antsy azy ity farany. Izany hoe nisy ny fifamaliana teo amin'ny roa tonta ka niaro tena ny ankilany , nahatonga ny fafafatesana. Ny andron'ny zoma lasa teo no nitranga ity trangam-piarahamonina tsy fahita firy ity. Araka ny loharanom-baovao dia voalaza fa mpidoroka zava-mahadomelina io mpiambina io. Ahiana ho nihetsika tampoka izany izy ary izao nikasa hamono ny mpampiasa azy izao. Taorian'ny tifitra dia mbola nisy aina kely ilay lehilahy. Noezahana nentina haingana teny amin'ny hopitaly Hjra anefa ka teny no nitambotsitra noho ny ratra nahazo azy.

**Efa nipoaka**

*"Teo am-pidirana ny tanàna dia nanakotrokotra vavahdy ilay mpiambina sady efa niaraka amin'ny sabatra. Nandamina azy ilay mpampiasa saingy mbola nompainy ihany koa no nambanany tamin'ilay fitaovana maranitra teny an-tananany. Rehefa tsy voalamina dia naka basy tany an-trano ilay mpampiasa azy io. Basim-borona "calibre 12" io basy io. Nanao tifi-danitra izy mba hampitahorana an'ilay lehilahy kanefa vao mainka nanatona izy ary nihazakazaka nanambana tamin'ilay antsy be . Nitifitra avy hatrany ilay mpampiasa ka nahazo ny kibony ny bala"*, raha ny fanazavana hatrany. Nidina nanao ny fanadihadiana ny tranga teny an-toerana ny zandary avy ao amin'ny brigady Fenoarivo Ampitatafika. Nogiazana ihany koa ny basy sy ny bala miisa 4, sy ilay bala efa nipoaka. Mbola tsy fantatra araka izany no nahatonga an'ilay mpiambina hahavita fihetsika an-kerisetra toy izao. Mijanona ho ahiahy ihany mantsy ilay hoe mpidoroka zava-mahadomelina izy io. Andrasana ny tohiny.

**Deyland**

Contactez-nous
*directement*
PAR MAIL
dokamidi@gmail.com
midimadagasikara

Herinandro vitsivitsy mialoha ny fifidianana

# Mihamafy ny fifanilihana eo anivon'ny samy mpanohitra




Ireo ankolafy roa amin'ny hery fanoherana.

Iray volana mahery mialoha ny hanatantetahana ny fifidianana solombavambahoaka, tsikaritra ho mihalalina ny fifanilihana eo amin'ny samy mpanohitra ny fitondrana. Mitranga izany na ny eo anivon'ny Kolektifan'ny Malagasy na eo anivon'ny Vovonana Politika Firaisankina, ivondronan'ny TIM, HVM, Tsara Tahafina, Antoko Politika Madio ary Pro Siteny. Ho an'ireto farany, raha tsiahiviana ny zava-misy dia maro tamin'ireo olona niara-dia tamin'izy ireo hatramin'izay no tsy nametrahana fitokisana intsony ka nahilika tsy ho kandida hitondra ny fanevan'izy ireo amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io. Tsy nijanona tamin'izay ihany, fa atao mihitsy ankehitriny izay hanaratsiana azy ireo sy tsy hahazoany vato mandritra ny andron'ny latsa-bato. Raha asiana resaka ohatra ny eny amin'ny distrikan'Avaradrano, dia namoaka fanambarana mihitsy ny filoha mpiara-mitantana eo anivon'ny Vovonana Firaisankina, Marc Ravalomanana tamin'ny faran'ny herinandro teo fa rava ny rafitra DISTIM, eny an-toerana ary natsangana ny rafitra vaovao iatrehana ny fifidianana solombavambahoaka ka ny kandida nahazo fankatoavana taminy no mitarika izany. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin'izany fa raha miantso ny vahoaka hifidy ireo kandida nilatsaka tamin'ny anaran'ny volomboasary ny mpitondra fanjakana dia variana mifanebaka sy mifanaratsy ry zareo samy mpanohitra.

**Fampielezan-kevitra alohan'ny ny fotoana**

Miroaroa saina ny mpifidy. Ny tsy takona afenina ao anatin'izany, dia miroaroa saina ny vahoaka mpifidy satria mbola maro amin'izy ireo no mahatsapa fa sarotra hadinoina ny zava-bitan'ireo mpitantana ny DISTIM teo aloha, izay nahilika tsy ho kandidan'ny Firaisankina kanefa nilatsaka hofidiana sy hifanandrina amin'ireo kandida nahazo tsodrano tamin'ireo mpitarika. Etsy andanin'izany, nohamafisina tamin'ny sabotsy teo ihany koa ireo toromarika avy amin'ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny Vovonana Firaisankina hiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka. Isan'izany ny fananganana ny sampan'ny Firaisankina isaky distrika sy kaominin, ny fifantenana ireo solontena ho eny amin'ny CENI, ny fananganana ny andrimaso hiaro ny safidim-bahoaka ary ny fanombohana ny fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana. Mikasika ity farany manokana, nisy ny fanazavana fa nivoaka tamin'ny 16 aprily ny lisitr'ireo kandidà ofisialy ka avy hatrany dia manomboka ny fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana. Mitety ny kaominina, milaza sy mampahafantra ny maha kandidà, mampahafantatra ireo izay mety ho programa sy tanjona ary manantanteraka ireo asa nifanarahana, hoy ireo tomponandraikitra niresaka taminay.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Tantara mitohy... !

**Mifampitsapa hery, io no mahalaza ny zava-misy eo amin'ny ekipan'ny ben'ny tanàna teo aloha sy ny filohan'ny delegasiôna manokana ao amin'ny kaomininaa Antananarivo Renivohitra, mahakasika ny fitakiana ny haban-tsena. Tsy nihemotra amin'ny fanapahan-keviny mantsy ny PDS fa milaza ny hanohy ny fitakiana mivantana amin'ny mpivarotra ny haba tokony haloan'izy ireo. Tsiahivina fa taorian'ny nampiakaran'ny iray amin'ireo mpanolotsain'ny kaominina, teny amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ny fangatahana fanafoanana ilay naoty navoakan'ny PDS dia namoaka didy itsy voalohany, nampiatona ny fitakiana mivantana ny haban-tsena. Saingy tantara mitohy ny raharaha satria nampiakatra ny raharaha teny amin'ny filankevi-panjakana indray ny mpitantana ny tanànan'Antananarivo. Vokany, mihantona indray aloha ny fangatahana ny hamerenana ny fitakiana ny haban-tsena amin'ny alalan'ny fandoavana izany, amin'ny orinasa SMGD. Eo izany aloha isika izao! Na ny mpivarotra na ny mpiasa dia mitohy hatrany koa ny tsy fitovizankevitra. Misy ny momba ny fampiharana ny « digitalisation », napetraky ny mpitantana teo aloha, noho izy ireo miahiahy ny mety hisian'ny fakam-panahy ka hitarika amin'ny fanodinkodinam-bola. Misy kosa ny mankasitraka ny fitakiana mivantana. Toy izany koa ny ankamaroan'ny mpiasa eo anivon'ny kaominina izay mankasitraka ny fikirakiram-bola, noho ny karaman'izy ireo voaloa ara-potoana, tamin'ny volana lasa teo. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana ny zava-misy dia ny hoe : Inona no hiafaran'ny raharaha? Iza amin'izy ireo no hivoaka mpandresy?**

Voahangy Rakotozafy

Faritr'i Menabe

# Andrasana ny anaran'ireo mpaniraka hotononin'ireo dahalo milavo lefona

Voarakitra ao anaty horonan-tsary narahin'ny vahoaka maro, tany amin'iny faritr'i Menabe iny, ny kôlônely Faneva sy ny mpiara-miasa aminy vitsivitsy, tamin'ny herinandro lasa teo. Ny hafatra nampitaina tamin'io fotoana io dia milaza fa dahalo milavo lefona ireo tarihin'ny kolonely Faneva ireo fa tsy dahalo miova fo. Manoloana ny zava-nitranga, ankoatra ny fanamarihana samihafa nataon'ny mpikirakira tambajotra sôsialy teo ambanin'ny horonantsary dia maro ny fanontaniana manitikitika ny saina. Anisan'izany ny hoe: Ao anatin'ny fikambanana ve no nanaovana famoriam-bahoaka ? Nahazoana alalana tamin'ny lehibe ve ny famoriana olona andalam-be sa baiko? Tsiahivina fa tsy niova ny fomba fanaon'io manamboninahitra kôlônely tamin'ireo faritra azo lazaina ho mena nanendrena azy : Ankazobe; Anôsy ary any Menabe amin'izao fotoana izao. Saingy ny tsikaritra dia miverina hatrany ny tsy fandriam-pahalemana fa tsy maharitra rehefa miala ao amin'ilay faritra ka tendrena amin'ny toeran-kafa ny kôlônely Faneva. Tamin'ny alalan'ny antso an-tariby no nametrahana fanontaniana tamin'io manamboninahitra kôlônely io, araka izao taterina eto ambany izao:

***Gazetiko***: Nahazoana alalana tamin'ny lehibe isan'ambaratongany ve ny famoriam-bahoaka nataonao, araka ireny horonan-tsary niparitaka tamin'ny tambajotran-tserasera ireny ?

***Kly Faneva*** : Ny fanapahan-kevitra rehetra noraisina dia nahazoana alalana avokoa sady ankasitrahan'ny lehibe, ary tsy ao anaty fikambanana akory ireny vahoaka ireny fa tanora nania no nangonina ary arahi-maso akaiky, noho izy ireo resy lahatra sy vonona hilavo lefona ka hiala amin'ny asan-jiolahy fanaony. Ny fiantsoana sy ny fanaraha-maso azy ireo no heverina fa fomba iray ahafahana mamerina azy ireo eo anivon'ny fiaraha-monina Izy ireo ihany no mahalala ny namany sy ny toerana fieren'ny jiolahy na fanafenana ny omby na zavatra hafa halatra. Taorian'iny famoriana iny dia efa natomboka ny fametrahana fanontaniana amin'ireo tanora izao izay fantatra fa haharitra fotoana maro, hahafantarana ny anarany ; ny toerana misy azy ; ny olona maniraka azy ireo manao ny asa ratsy ; ny toerana fanafenana ny omby halatra…Raiketina ao anaty boky izany ary ny mety hitranga ato ho ato dia hisy ny olona ho voatonontonona ho ao ambadik'ireny asan-dahalo ireny.



Ny kôlônely Faneva, arahan'ireo ambarany fa dahalo milavo lefona.

Aorian'izay dia tsy maintsy hisokatra ny fanadihadiana. Ny mateti-pitranga tany aloha dia olomboafidy eny amin'ny kaominina, na tomponandraiki-panjakana, eny misy mpitandro filaminana mihitsy no mpaniraka na mpiray tsikombakomba na koa tafiditra amin'ireny famotsiana omby ireny.

***Gazetiko :*** Ny tsikaritra dia miverina hatrany ny tsy fandriam-pahalemana, rehefa miala ao amin'ny toerana niasanao teo aloha ny kôlônely Faneva. NItranga izany tany Ankazobe ; tany amin'iny faritra Anôsy iny ?

***Kly Faneva*** : Voarakitra ao anaty boky avokoa ny paikady nampiasaina tamin'ireny faritra roa ireo ary niaraha-nahita fa nilamina ny halatra omby sy ny fakàna an-keriny tany Ankazobe. Famerenana amin'ny laoniny ny fandriampahalemana, izany hoe nandritra ny fotoana voafetra rahateo, no iraka notanterahako tany an-toerana. Ny tany amin'iny faritra Anôsy iny, raha tsiahivina, dia nesorina tampoka ary tsy nisy famindram-pahefana ara-dalàna notanterahina rehefa niala tany an-toerana ny tenako. Ny dikany, mety tsy tafita araka ny tokony ho izy ny « consignes ». Ny tanjona dia manao ny asa araka ny tokony ho izy, mba hiverenan'ny fandriam-pahalemana. Manam-petra ihany koa anefa ny hery, antony tsy maintsy anomanana ny zandry. Iarahan'ny rehetra mahalala ihany koa fa olana goavana ka tsy vita tsy ifarimbonana ny famerenana amin'ny laoniny ny fandriam-pahalemana.

***Gazetiko :*** Manao ahoana ny fiaraha-miasan'ny Zandarimariam-pirenena amin'ny fitsarana. Ny vaovao re mantsy amin'ireny faritra iadidianao ireny dia mandeha ny famonoana ireo olona sokajianao ho dahalo ary misy tsy mandalo fitsarana indraindray ?

***Kly Faneva :*** Miara-miasa amin'ny fitsarana ny Zandarimariam-pirenena. Saingy misy fotoana ny fitsarana mihitsy no mahatsikaritra fa tsy atahoran'ny dahalo intsony. Misy tokoa ny fotoana tsy maintsy hanatanterahana ny famonoana avy hatrany, rehefa mifanehatra amin'ny dahalo. Samy mandre isika fa tsy mitsitsy amin'ny mpitandro filaminana ny dahalo, rehefa mifanehatra amin'izy ireo eny an-kianja eny.

**Nangonin'i V.R.**

Ben'ny tanànan'Antsiranana

# Nanome ny porofo manazava ilay raharaha iampangan'ny PAC azy

Taorian'ny resabe nandeha manodidina ny fisamborana ny ben'ny tanànan'Antsiranana, tamin'ny faramparan'ny volana marsa lasa teo, araka ny vaovao avy any an-toerana dia tsy nandrenesam-baovao na namonjy ny toerampiasany Ing Djaovojozara Jean Luc. Tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo kosa anefa dia nivoaka tamin'ny fahanginany ny tenany ary nanome ny porofo manamarina ny tsy mampitombina ilay fanodinkodinam-bolam-panjakana, iampangan'ny fitsarana miady amin'ny kolikoly azy. Profo izay voarafitra ao anatin'ny taratasy misy fitombon-kasempanjakana. Araka ny fanazavana nomeny dia ny mba hisian'ny mangarahara amin'ilay resaka fanodinkodinambola niampangan'ny PAC azy no antony namoahany ny « certificat de conformité », datin'ny 31 desambra, tamin'ny taon-dasa izay manamarina ny fampiasana ny vola teo anivon'ny kaominina andrenivohitra Antsiranana, nanomboka ny 31/12/2022 ka hatramin'ny 31/12/2023, teo amin'ny pejy « Facebook » n'ny kaominina. Marihina fa hatramin'ny omaly dia mbola tsy niseho mivantana ny ben'ny tanànan'Antsiranana.

**Misy ambadika pôlitika !**

Tsiahivina fa anisan'ny mamy hoditra ao Antsiranana ny ben'ny tanàna Djaovojozara Jean Luc. Ary niarahan'ny mpanaraka ny tambajotran-tserasera nahita ny fifamaliana nisy taminy sy ny talen'ny kabinetran'olomboafidy iray any an-toerana, mahakasika ny fampiasana ny toerana iray nanaovana hetsika mikasika ny 8 marsa lasa teo. Tsy visty amin'ny olom-pirenena any Antsiranana no mihevitra fa misy ambadika pôlitika ny fanenjehana ny ben'ny tanàna. Itsy farany rahateo, araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana ihany, niomana hanohana kandidà, ankoatra ny natolotry ny mpomba ny mpitondra. Ary noho izy mamy hoditra amin'ny vahoakan'Antsiranana dia mety ho nanelingelina ny fijoroany miaraka amin'izay kandidà saika hotohanany izay.

V.R.



Ny ben'ny tanànan'Antsiranana sy ny porofo nasehony.

Fikambanana IFi

# Hampiseho ny heriny eny amin'ny kianja mitafo Mahamasina, ny zoma izao"

Samy mihetsiketsika fatratra ireo karazam-pikambanana avy amin'ny mpanohana sy ny mpanohatra ny fitondrana amin'izao ankatoky ny fifidianana solombavambahoaka izao. Isan'izany ny fikambanana IFi, izay manohana ny fitondrana ankehitriny. Vory lanona nanatanteraka fihaonambe tetsy 67 ha ny IFi boriborintany voalohany ny sabotsy teo. Nandritra izany no nampahafantaran'ny pasiter Nestor tamin'ireo mpikambana IFi boriborintany voalohany, fa hanatanteraka fihaonam-be eny amin'ny kianja mitafo Mahamasina ny fikambanana manerana ny Nosy ny zoma 26 aprily izao. Nanentana ny mpikambana rehetra ho tonga ho tonga amin'izany ny lehilahy. Araka izany, dia hampiseho ny heriny eny amin'ny kianja mitafo Mahamasina ny fikambanana IFi manerana ny Nosy amin'io fotoana io. Notsiahivin'ny pasitera Nestor hatrany, fa ny PDS-n'Antananarivo, Atoa Ramanambintana Richard no filoha nasionalin'ny fikambanana IFi hatramin'izao. Efa mahatratra 400 ny isan'ny fikambanana manerana ny Nosy amin'izao fotoana izao ary efa samy manana ny asa sosialy mampiavaka azy avy.

**Mpitarika vehivavy**

Maromaro ireo mpitarika vehivavy tazana ao amin'ny fikambanana IFi tetsy 67 ny sabotsy teo. "*Sarotra ny hanakipy maso amin'izao fahasahiranantsika izao. Aleo hifanome tanana isika. Ho avy tsy ho ela amin'ny sosialy isika*", hoy Ramatoa Suzah, isan'ireo mpikambana ao amin'ny birao nasionaly IFi, raha nitafa tamin'ireo mpikatroka eny amin'ny boriborintany voalohany tetsy 67 ha. Teny filamatry ny fikambanana moa ny hoe : Fifankatiavana - Firaisan-tsaina – Fifanomezan-tanana. Nampanantena sahady ny filohan'ny IFi boriborintany voalohany, Rtoa Razafindravao Jonastine, fa tsy hivadika amin'ny teny nomeny izy ireo ka hirodorodo amin'io fihaonambe eny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina io.



Nanentana ny rehetra ho tonga eny amin'ny kianja mitafo Mahamasina, amin'ny zoma ireto birao nasionalin'ny fikambanana IFi ireto. (Sary : Niry R.)

Niry R.

FIZALAOTRA - 45 taona

# Hiara-mientana amin'ny fampandrosoana ny faritra Alaotra

Feno 45 taona amin'ity taona 2024 ity. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy 20 aprily teo ny fankalazana izany tsingerin-tanona nijoroan'ny Fikambanana Zanaka Ampielezana Teraka Alaotra (FIZALAOTRA) izany, teny amin'ny Asia-Africa hôtel Ivato. Nisy ny fanolorana maripankasitrahana an'ireo mpanorina ny fikambanana tamin'ny taona 1979. Notolorana mari-pankasitrahana nandritra ny lanonana ihany koa ireo filoha nifandimby nitantana ny fikambanana sy ireo mpiara-miasa mpanohana ny FIZALAOTRA. Nomarihin'ny filohan'ny FIZALAOTRA, Andriamahafaly R. Zaka nandritra ny lanonana, fa hisy hatrany ny fifanakalozana hitondrana tsoa-kevitra sy fehinkevitra hijerena ny fomba handraisan'ny fikambanana anjara amin'ny fampandrosoana ny lafiny sosialy sy toekarena any amin'ny faritra Alaotra. Zavatra telo lehibe moa no tian'ireo mpikambana hasongadina mandritra ny fankalazana amin'ity taona 2024 ity. Eo ny fiarahamientana sy firaisan-kinan'ny samy mpikambana sy ny mpiray fiaviana. Eo ihany koa ny fampivondronana ny traikefa sy ny fahaiza-manao ary indrindra ny hevitra rehetra ho fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny Faritra Alaotra eo amin'ny lafiny ara-tsosialy, ara-toekarena ary ara-panatanjahantena.

**Taom-pankalazana**

Amin'ny maha-taom-pankalazana azy, dia nikarakara fifaninanana sary famantarana sy teny filamatra ny komity mpikarakara. Notolorana fanomezana nandritra ny lanonam-panokafana tamin'ny sabotsy teo ireo roa voalohany tamin'ny sary famantarana (logo) sy ny roa voalohany tamin'ny teny filamatra. Fanombohana ny fankalazana ihany iny natao teny Ivato iny. Mbola hitohy ny hetsika amin'ny alalan'ny fitsangantsanganana, ny sabotsy 08 jona 2024 eny Ambohimalaza (RN2) Frère Capucin, sy ny alim-pandihizana goavana amin'ny volana jolay 2024. Hisy ihany koa ireo hetsika maro samihafa hatao any amin'ny distrika telo (Ambatondrazaka, Amparafaravola, Andilamena ).

Niry R.



Nandritra ny fanokafana ny fankalazana ny faha-45 taonan'ny FIZALAOTRA teny Ivato ny sabotsy teo.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Tsinkafona

# Sady sakafom-biby, zezika no azo avadika arina fandrehitra

Isan'andro, maka tsikafona eny amin'ny manodidina an' Ankerana i Jeannot, tovovavy 40 taona monina eny Ambatobe. Toy ny mpiasa rehetra izy mandany ny tontolo androny eny mikarama. Mahazo tsikafona 7 hatramin'ny 11 gony izy ao anatin'ny iray andro ary kaomandin'olona 4 karazany ireo. Misy ny aterina eny Nanisana, ary betsaka ny alefa eny Soamanandrariny. "*Sakafom-biby toy ny omby vavy be ronono, kisoa, akoho amam-borona no tena ampiasana ny tsikafona. Afangaro vilina sy bozabozaka izany ary efa kaomandy daholo ny ahy ary tokantrano 4 samihafa no anaterako izany,*" hoy i Jeannot. Tao anatin'ny herintaona sy tapany no nikarama naka tsikafona izy ary vao maraina dia efa mijoboka ao anaty rano. Manodidina ny 2500ar ny vidin'ny iray gony amin'ny tsikafona raha ny fanazavany fa samy manana ny mpaka moa mety mihoatra an'izay araka ny filazan'ireo mpaka tsikafona sasany.



Raha vao misy ny rano dia maniry ny tsikafona.

"*Raha miditra ao anaty rano aho amin'ny 9 maraina dia tsy maintsy mivoaka ao amin'ny 11 ora, satria misy krampy ny tongotra rehefa milona ela be ao anaty rano ao ka mety hitera-doza. Mandeha tsirairay rahateo izahay ka aleo mailo. Mampiakatra sy manatitra gony telo na efatra aho sady mivoaka anaty rano. Miverina indray hatramin'ny iray eo. Mahazo fito gony aho mandritra izany saingy tsy ampy izany raha tena betsaka ny kaomandy. Mila vola rahateo aho ka tsy maintsy manenjika maromaro,*" hoy hatrany i Jeannot. Misy foana ny tsikafona rehefa misy ny rano fa indraindray lasa mandeha lavitra izy ireo, satria tsy misy eny amin'ny manodidina. Nambarany moa fa misy vanim-potoana tsy azo omena tsikafona ny omby fa mivalana, tsy maintsy ampiarahina amin'ny bozaka na mololo ihany koa mba hitondra hery, hoy ny fanazavan'ireo mpaka tsikafona.

**Zezika sy asa tanana ary saribao**

Ankoatra ny sakafom-biby, azo atao zezika tsara ihany koa ny tsikafona rehefa ampiarahina amin'ny zavatra hafa. Lomana mandritra ny andro maromaro rehefa avy ampiarahina amin'ny zezi-pahatra sy bozaka maina ary apombo. Mety amin'ny fambolena rehetra izy ity indrindra ny haninkotrana sy ny legioma, araka ny filazan'ireo efa nanao azy. Mihena kokoa ny fandaniana raha atao fatra betsaka mihoatra amin'ireo fangaro hafa ny tsikafona. Nisy fotoana, vokatry ny fiaraha-miasan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny masoivohon'i Indonezia, nisy fanofanana tanora marobe. Tanjona tamin'izany ny hahafahana manao asa tanana ny tsikafona ho lasa asa fitadiavambola. Marobe ireo lamaody vita tamin'izany ka anisany ny poketra, kiraro, kapa sy ny maro tsy voatanisa. Natomboka tao amin'ny fokontany Ankasina ny fampiofanana, ka naranty ny vokatra vitan'ireo mpiofana nandritra izany. Indrisy moa fa tsy niparitaka lavitra ity tetikasa ity kanefa hita fa tena manampy betsaka amin'ny fidirambola raha voatrandraka araka ny tokony ho izy.

Marihina fa maniriniry fahatany ny tsikafona ary azon' ny rehetra alaina. Mora itadiavam-bola izy noho izany fa mila mahay miketrika amin'ny fomba azo anodinana azy fotsiny. Tsy misy asa ratsy rahateo ary mila fikirizana ny fiainana raha te ho tafa. Iza tokoa moa no hanome 2500ar hatramin'ny 4000ar na mihoatra isaky ny gony ho an'olona iray fotsiny eo. Azo ampiarahina amin'ny hoditr'akondro ihany koa ny tsikafona, hamainina tsara ary mivadika ho arina fandrehitra avy eo. Marobe ny tombontsoa azo avy amin'ny tsikafona, mila mahay mikaroka fotsiny satria efa maro iray mitobaka be eto Antananarivo sy ny manodidina izy io ary mora ampitomboina.

**Nath**

Ady amin'ny tsifanjariantsakafo

# Vonona hanohana ny ONN mandritra ny 5 taona indray ny PAM




Mamadou Mbaye, solontena maharitry ny PAM miasa sy monina eto amintsika, sy ny Pr Vololontiana Hanta Marie Danielle.

Manodidina ny 7,7 isanjato ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika ka mitarika fahataran'ny fitombon'ny 40 isanjaton'ny zaza malagasy. Misy tsy fahampiana be ihany koa ny singa manampy amin'ny fivoaran' ny zaza ka misy fiantraikany ratsy amin'ny vehivavy sy ny zaza izany. Mila tosika be mihitsy noho izany ny asa ataon'ny ofisim-pirenena amin'ny fanjariantsakafo, na ONN, mba hahafahana manova izany taha izany. Teo foana ny PAM ary ato anatin'ny 5 taona dia mbola maneho ny fahavononany hanohana antsika izy ireo. Nisy noho izany fanaovantsonia fifanaraham-piarahamiasa vaovao indray izay maharitra 5 taona teo amin'ny PAM sy sy ny ONN. *"Natao ity taratasy fifanekena izay manan-danja ity mba hanehoana fa vonona hanampy an'i Madagasikara amin'ny ady amin'ny tsifanjariantsakafo indray ny PAM ho amin'ny tombontsoan'ny vahoaka malagasy rehetra"*, hoy i Mamadou Mbaye, solontena maharitry ny PAM miasa sy monina eto amintsika. Araka ny fanadihadiana nataon'ny "The Cost of Hunger" niarahan'ny governemanta malagasy sy ny vondrona afrikanina nanao dia milaza fa misy fiantraikany amin'ny fampandrosoana ara-toekarena eto amintsika ny tsy fahampian-tsakafo. Aretina mpahazo ny zaza 4 tapitrisa dia vokatr'io tsy fahampiantsakafo io avokoa, 44 isanjaton'ny taham-pahafatesana mahazo ny zaza no vokatr'izay ary ny 66 isanjaton'ny olon-dehibe miaina anaty tsifanjariantsakafo mitarazoka fony fahakeliny. Mampiahiahy be mihitsy ny tranga misy eto amintsika noho io tsy fahampiantsakafo io. Isan-taona mantsy, 3 384 miliara ariary no very raha 14,6% ny zaza mamerina kilasy noho ny tsifanjariantsakafo mitarazoka io. Manomboka amin' ity taona ity hatramin'ny 2028 dia hohamafisina ny rafitra eo anivon'ny ONN, indrindra fa amin'ny fampiharana ny politika nasionalin'ny fanjariantsakafo.

**Nath**

**Samy...**

**Sazy !**

Dia iny niaraha-nahita sy nandre iny, resaka isika samy isika ihany, fa nilatsaka ny sazy ho an'ny klioba roa eo amin'ny fifaninanana Pureplay Football League taorian'ny lalao natao ny 14 aprily lasa teo. Voasazy handoa onitra 2 tapitrisa ariary ny klioba iray ary hilalao tsy hatrehin'ny mpijery ny klioba iray. Na dia eo aza izany rehetra izany, mitohy hatrany ny fifaninanana. Mbola eo amin'izay tontolon'ny baolina kitra izay ihany, asa moa raha ho afaka ny sazy mahakasika ny kianja Barea hatramin'ny vola jiona ho avy izao. Tsy afaka mandray lalao iraisam-pirenena mantsy ny kianja noho izy tsy mahafeno ny fepetra takian' ny "Confédération Africaine de Football". Raha izay eo amin'ny tontolon'ny baolina kitra, ahoana kosa ny eo amin'ny tontolo politika ? Indrindra indrindra ao anatin'izao fifidianana solombavambahoaka hatao amin' ny 29 mey 2024 ho avy izao. Efa mihetsiketsika avokoa mantsy ny mpisehatra rehetra ao anatin'ny raharaha. Ny fitsarana nilaza fa tsy handefitra amin'ny fandikan-dalàna mahakasika ny fifidianana, ny mpikarakara ny fifidianana eo am-panatanterahana ny fanontana ny biletà tokana sy ny fandaminana ny fitaovana sy ny toerana rehetra handatsaham-bato, ny mpifaninana sy ny mpomba azy samy efa manomboka midina eny amin'ny vahoaka mandresy lahatra azy. Anatin'izany rehetra izany, misy endri-javatra mahalasa eritreritra ka mampitodika any amin'ny Fitsarana ny amin'ny toky nataony hanasazy sy tsy hanaiky ny fandikan-dalàna miseho. Ny any amin'ny tontolon'ny baolina kitra efa nilatsaka ny sazy fa asa kosa izany eo amin'ny tontolo politika ao anatin'izao fifidianana izao. Ny vahoaka rahateo sempotry ny fahasahiranana ka tsy maharaka intsony ny raharaha ! Na misy na tsy misy ny mety !

Samy isika ihany !

**Herivonjy RAJAONAH**

**...isika**

Etleva Kadilli - Talem-parity ny Unicef aty Afrika

# Nivantana any Ambovombe nijery ny zavamisy iainan'ny ankizy

Tonga mitsidika an'i Madagasikara nanomboka ny 20 ka hatramin'ny 26 aprily ny talem-paritry ny Unicef eto Afrika Orientale sy Australe, Etleva Kadilli. Nivantana any amin'ny tapany atsimon' ny Nosy avy hatrany izy nijery ny zavamisy iainan'ny zaza malagasy any Ambovombe. Manara-maso ny asa rehetra ataon'ny Unicef any an-toerana ihany koa izy. Afaka nitafatafa amin'ny fokonolona sy ireo tompondandraiki-panjakana amin' ny tombontsoa entin'ny asa ataon'ny Unicef any amin' iny faritra iny. Miezaka mahalala ny filana mbola tsy ampy sy ny dingana tokony mbola hataon'ny Unicef ho an'ny zaza malagasy mba hahafahan'ny zaza rehetra misitraka ny zony, toy ny hianatra, hahazo fitsaboana, hiaina toy ny rehetra sy ny maro hafa. Iarahamahita tokoa mantsy fa zava-doza ny takaitra entina sy avelan'ny haintany any Ambovombe any. I Madagasikara tokoa raha tsiahivina dia firenena anisan'ny mitondra faisana amin'ny fiovaovan'ny toetrandro ka mahatonga ny zaza malagasy harefo. Mihavitsy ny rano ka tsy afaka miasa, sy mamokatra zavatra afaka hamelomana ny ankohonany ny ray aman-dreny. Ny fisitrahana tolotra ara-pahasalamana sy fanabeazana tsara kalitao ihany koa tsy araka ny tokony ho izy noho ny loza voajanahary matetika mitranga eto. Rehefa tonga eto Antananarivo indray izy dia hitafa mivantana amin'ny mpikambana ao amin'ny governemanta sy ny tanora ary ny ankizy. Manan-jo hohenoina ny ankizy, indrindra fa ny mahakasika ny tontolo manodidina sy ny filany.

**Vakisiny miaro amin'ny lefakozatra**

Manomboka ny 24 aprily dia hiaraka amin'ny delegasiona ambonin'ny « Conseil mondial de la surveillance de la poliomyélite » sy ny "Alliance du Vaccin GAVI", izay samy tonga eto Madagasikara avokoa, i Etleva Kadilli. Eto amintsika tokoa mantsy, araka ny antontan'isa navoakan'ny OMS sy ny Unicef, dia maherin'ny iray ampahefatry ny zaza latsaky ny 12 volana no tsy mbola nanao vakisiny mihitsy. Hisy noho izany sisikevitra hataon'izy ireo mba hanamafisana ny fanaovam-bakisiny eto amintsika sy hampitomboana ny tahan'ny fanaovam-bakisiny eto Madagasikara. Hitafa mivantana amin'ny Filohan' ny Repoblika sy ny vadiny ny delegasiona alohan'ny hitokanana ny toby fametrahana vakisiny izay naorina eny Ivato. Hatomboka amin'ny fomba ofisialy mandritra io fotoana io ihany koa ny hetsika fanaovambakisiny. Ireto avy kosa ny tomponandraikitra ao anatin'izany delegasiona izany, dia ny Dr Chris Elias, "Président du Conseil mondial de Surveillance de la Poliomyélite", Alex de Jonquières, "Directeur du renforcement du système de santé et de vaccination au siège de Gavi", "l'Alliance des Vaccins", ny Dr Omotayo Bolu, "Directrice du Centre de Contrôle et de Prévention des Maladies », CDC Atlanta, ny Dr Matshidiso Moeti, "Directrice Régionale de l'OMS pour l'Afrique", ary i Etleva Kadilli, "Directrice Régionale de l'UNICEF pour l'Afrique orientale et Australe ».

**Nath**

Fambolena Anandrano

# Aparitaka any amin'ny faritra ny vokatra

*Fahavalon'ny anana ny bibikely ka tena ilaina ny fanondrahana DDT.*

Olona am-polony eo, fianakaviana iray avokoa, no miaraka miasa, manofa tanimbary na tokotany malalaka toy ny valamparihy ary misafidy ny hamboly anandrano eny Ankerana eny. Araka ny fanazavan'izy ireo, ny ankamaroan'ireo mpamboly anandrano eto Antananarivo dia avy any Fandriana avokoa. Toy ny asa fambolena rehetra, mahavelona ilay izy. Mila zanak'anana izy ireo izay vidiana manomboka amin' ny 15 000ar hatramin'ny 60 000 ar miankina amin'ny haben'ny tokotany hambolena azy. Ny zezika ihany koa tsy maintsy ilaina izay jifaina 5 000ar ary mila 2kg eo vao ampy. Mba hisorohana ny bibikely, izay tena fahavalon'ny anana, tsy maintsy mampiasa DDT na ody bibikely ihany koa izy ireo ka eo amin'ny 4 000ar eo ny vidin'izany. Mila indroa mandraraka ireo rehetra ireo, izany hoe mandany hatrany amin'ny 28 000Ar eo izy ireo raha tiana ny haniry tsara ny anana. Ny valamparihy sy ny tanimbary ihany koa tsy maintsy ofaina izay manomboka amin'ny 100 000Ar hatramin'ny 200 000Ar eo, miankina amin'ny habeny. Raha vitan'ny olona iray dia tsy manakarama olona hanadio ny valamparihy izy ireo, fa raha tsia dia 6000ar eo ny karama isan'andro ho an'ny vatan-dehilahy iray. Ao anatin'ny taona iray, indroa na intelo eo no miakatra ny anana, miankina betsaka amin'ny rano anefa izany. "*Amin'izao, efa tsy dia misy ranon'orana dia mety. Manomboka volana martsa hatramin'ny septambra na oktobra eo izahay no mamboly. Iray volana mahery anefa dia miakatra ny vokatra. Tsy maintsy atao feno ny fepetra rehetra fa raha tsy izany tsy misy dikany ny ambolena. Betsaka ny fandaniana saingy mahavelona hatreto matoa izahay mbola mifofotra manao azy. Raha velaran-tany 100 m$^2$ ohatra no ampiasiana, tafakatra hatrany amin'ny 10 gony ny anana miakatra eo. Misy tonga eny Ankerana ireo mpivarotra mividy mivantana, na izahay ihany koa mivarotra ny entana eny Mahazo na Ampasampito*", hoy ity raim-pianakaviana iray niteraka roa namboly anandrano efa am-polo taona raha nitafa taminay. Mahajanga, Toamasina, Manakara, Antsohihy, Antsiranana sy ny eto Antananarivo no manjifa ny anandranon'izy ireo. Misy olona efa miaraka miasa amin'izy ireo mihitsy any amin'ny faritra maka ny anana izay amidy 35000ar eo ny gony. Raha eny am-potony kosa, 200Ar dia efa mahazo fehezan' anandrano.



Iray volana mahery kely dia efa azo otazana ny anandrano.



Mila diovina tsara ny anandrano izay mitondra vokatsoa maro ny fihinanana azy.

**Maloto**

Misy faritra tena maloto mihitsy ny anana raha ny eto Antananarivo no resahina. Izay ihany koa no mampalaina ny ankamaroan'ny olona hihinana ity karazan'anana ity. "*Ho anay ety Ankerana sy ny manodidina, misy loharano manondraka fa tsy rano avy amin' ny lakan-drano no manondraka ny valamparihy. Anisan'ny olanay mpamboly anandrano io lazaina fa maloto io, saingy misy manjifa foana kosa anefa ny vokatra. Eo ihany koa ny fiovaovan'ny toetrandro, satria raha vao diso be loatra ny rano dia lasan'ny rano fotsiny ny zanak' anana. Indraindray koa tsy ampy rano mihitsy. Ety Ankerana, amin'ny lalambaovao hihazo an'Ambohimahitsy, misedra olana izahay satria misy ireo tompon-tanimbary mamefy ny rano tsy ho afaka hidina any aminay. Maty ho azy vokatr'izany ny anana satria tsy ampy rano. Fatiantoka iray lavaka ny anay kanefa ny hofan'ny tany lafo*», hoy indray ny tovolahy iray, ka miantso ny tomponandraikitra izy ireo mba handray fepetra sy hanelanelana, satria asa fivelomana no resaka.

Amin'ny fotoana tsy ahafahana mamboly anandrano kosa, mandeha mody any Fandriana ny sasany manao asa vary, na miketrika zavatra hafa eto Antananarivo ihany, mikarama manadio tatatra na valamparihy. Misy hatrany amin'ny 12 taona no namboly anandrano teto andrenivohitra ireto mponina avy any Fandrina ireto ary mahita izy ireo fa mahavelona ilay asa rehefa ifotorana. Manentana ny olona ihany koa mba tsy hanao maloto amin'ny sisindalana, satria sakafo miditra am-bava no volena ary olona no miasa amin'izy ireny fa tsy milina akory. Voalaza fa tsy eto Antananarivo ihany fa efa miparitaka any Antsirabe, Moramanga ireto fianakaviana mamboly anandrano ireto. Misy ihany koa ny fikambanana izay tena mirobo-robo ivondronana sy manao asa sosialy raha sendra misy ny voina. Hita fa mandray andraikitra tsara ny fikambanana, satria tena mavesatra ny vola ilaina, indrindra ny fampodiana ny razana any Fandriana, hoy ihany izy rehetra.

**Nath**

67 ha

# Tsentsina ny tatatra, feno rano mihandrona ny arabe mankeny amin'ny môske

Miaina ao anaty ranompotaka ! Tsentsina ny tatatra, manenika ny arabe ny rano mihandrona miteraka fotaka sy fofona manempotra ny mponina sy ireo mpampiasa ny lalana eny 67 ha, akaikin'ny mosken'ny mpino silamo. "*Efa an-taonany maro no niainan'ny mponina ety 67 ha tao anatin'izao ranobe mihandrona sy fofona maloto ety amin'ny arabe izao*", hoy Ramatoa Jonastine, mponina eny an-toerana. Sahirana ihany koa ireo mpandeha an-tongotra satria tery ny lalana. "*Mila jerena akaiky ihany koa ny fanorenana ataon'ny olona sasany ety amin'ny manodidina, satria manamorona loatra ny arabe ny trano sasany, ka sady manery ny "trottoire" tokony hifamezivezen'ny olona no tsy ahafahana manokatra ny saron'ny tatatra hisokirana azy*", hoy hatrany Ramatoa Jonasitne. Misy fotoana, manao izay ho afany amin' ny fanadiovana ny tatatra ireo mpino silamo mivavaka ao amin'ny Moske, saingy tsy ampy fitaovana ka miverina ihany ny rano. Ny fisokirana tanteraka an'ireo tatatra tsentsin-dava ireo no vahaolana maharitra ahafahana mandritra ny rano mihandrona ka manaitra an'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny mba hijery akaiky izao olana mahazo azy izao ny mponina eny 67 ha, indrindra fa ireo mpino silamo mivavaka ao amin'ny moske manamorona ny arabe feno rano mihandrona.



Toy izao ny rano mihandrona amin'ny arabe mankeny amin'ny môske 67 ha. (Sary : Niry R.)leg

**Niry R.**

ZONTA - Fiarovana ny zon'ny vehivavy

## Nanatevin-daharana ireo mpisehatra eto Madagasikara

Niampy iray ireo fikambanana miaro ny zon'ny vehivavy eto Madagasikara. Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy hariva lasa teo, teny Antaninarenina, ny fipetrahan'ny rantsan'ny fikambanana ZONTA iraisampirenena eto amintsika, na ny "ZONTA Club Madagascar". Tamin'ny 29 desambra no nijoroany ofisialy raha efa nisy 105 taona kosa ny fikambanana foibe. Talohan'io anefa dia efa nisy ny asa nataon'ity fikambanana iraisam-pirenena ity teto amintsika tamin'ny alalan'ny UNICEF, nanomboka ny taona 2016. Anisan'ny asa nataony tany amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy, ohatra, ny fanentanana hisorohana ny fampanambadiana ankizivavy tsy ampy taona, ka nisy foko iray mihitsy nanaiky tsy hanohy itsony io fomba io taorian'ny fanentanana azony. Nisy koa ny fihetsiketsehana nataon'ny rantsana eto Madagasikara nandritra ny fanamarihana ny andron'ny 8 marsa lasa teo. "Misehatra amin'ny fanomezan-danja ny vehivavy sy ny ankizivavy izahay amin'ny sehatra maro samihafa. Ny tanjona dia ny mba hisian'ny miralenta eo amin'ny lahy sy vavy. », hoy Rasoamanandraibe Vony Nomena, filohan'ny ZONTA Club Madagascar. Miisa 17 mianadahy ireo mpikambana manodina ity fikambanana ity eto amintsika. Anisan'ireo olona manan-kaja nasaina tamin'ity lanonana ity ny kandida solombavambahoaka laharana fehefatra ao amin'ny boriborintany voalohany, Andriamananaro Augustin, sy ny mpiray lisitra aminy, Razanamahefa Tahiana. Ireto farany, izay nitso-drano ity fikambanana ity mba hahefa be amin'ny fiadiana ny zon'ny vehivavy sy ny fanomezan-danja ny vehivavy.

**R. Muray**



Ireo tomponandraikitra ao amin'ny ZONTA iraisam-pirenena sy ny ZONTA Madagasikara miaraka amin'ny solontenan'ireo olona manan-kaja nasaina.

Run and Bike "aoka izay ny fanolanana"

## Maherin'ny 400 ireo mpandray anjara

Nitombo raha oharina tamin'ny taona lasa ny isan'ny mpandray anjara tamin'ny hetsika Run and Bike « stop au viol » andiany fahefatra notanterahina omaly. Tratra ny tanjona napetraka hatrany am-piandohana, satria efa manomboka mahalala ny zavamisy ny olona. Mitombo ihany koa ny fikambanana nandray anjara, izany hoe azo antoka fa hiparitaka bebe kokoa hatrany ny fanentanana. Anisan'izany ohatra ny fiaraha-miasa amin'ny « police des mœurs » izay manome toky fa hifanome tanana. Tanjon'ny fikambanana TAO raha nikarakara ity hetsika Run and Bike « stop au viol » ity tokoa mantsy ny hanentana ny olona niharan'ny fanolanana na herisetra ara-nofo mba sahy hitoroka raha misy tranga mahazo azy na ny manodidina azy. Efa nisy ihany koa ny dingana vita, indrindra ny fifidianana ilay lalana mikasika ny fanolanana, izay efa ezaka be ho azy ireo. Tsy miady irery intsony ny fikambanana TAO manomboka izao ary tanjona nandritra ny fanentanana sy ny famakiana tononkalo ary ny fijorona vavolombelona, natao ny hanentanana ny olona hoe : "mahasahia mitoroka rehefa misy tranga fanolanana." Tsiahivina fa eto amintsika dia maherin'ny 3 isan'andro ny zaza iharan'ny fanolanana, ka ny maro an'isa amin'izany dia herisetra ara-nofo nataon'ny fianakaviany akaiky ihany. Nandritra ny hazakazaka 20km, norombahin'i Herinombana Ramaroson tamin'ny hafainganam-pandeha 1h42 ny loka ho an'ny zazalahy ary teratany vahiny antsoina hoe Connie Ludivine kosa no nandrombaka izany ho an'ny vehivavy.

**Nath**

PASI PASI

Razanakolona Philippe Armand

# Niampita tamin-janany ny fitiavana haiady

*Sady mpanao Kickboxing, boxe anglaise ary K1 indray no fianakaviana hampahafantarina eto amin'ny fandaharana " PASI PASI " anio. Na ny rainy na ny zanany dia samy nanao izany avokoa.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno ?
***RPA :*** Razanakolona Philippe Armand.
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve ? Inona ilay spaoro atao ?
***RPA :*** 53 taona, dia mbola manao spaoro hatrany.
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***RPA :*** 8 taona no nanomboka nanao spaoro dia sady nanao Kickboxing, K1, Boxe Anglaise ary combat au sol.
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao ? Iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***RPA :*** 5 ny isan-janako, ary manao spaoro avokoa.
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***RPA :*** Tsy nisy noterena fa efa tao anaty rà avokoa.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***RPA :*** Eny, ny zanako vavimatoa, Miora Tiana, no efa voantso handrafitra ny ekipam-pirenena. Maro-maro ny vokatra efa azony, toy ny Tompondaka lefitra eran-tany tamin'ny K1 rules (Serbie 2014), tompondaka lefitra eran-tany amin'ny K1 rules(Italie 2015). Tompondakan'i Afrika amin'ny Full contact (Kamerona 2014), Tompondaka lefitra Afrika amin'ny Boxe Sanda (Madagasikara 2013). Médaly alimo amin'ny Full contact (Kamerona 2017). Medaly alimo tamin'ny Boxe Anglaise (Congo Brazaville 2018). Tompondaka tamin'ilay "Nuit des championnes" tatsy La Réunion 2014. Tompondakan'ny "Coupe des Nations" tatsy Maorisy 2015. In-8 tompondakan'i Madagasikara amin'ny kickboxing. In-3 tompondakan'i Madagasikara amin'ny Boxe Anglaise. In-3 nandray anjara tamin'ny "Combats pro" natao tany Chine (fandresena 2 dia ady sahala 1).
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
***RPA :*** Tena mahafinaritra, indrindra ny mahita ilay izy hoe tafita amin'ny zanaka ny zavatra nampianarina.
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RPA :*** Mijery film no tena fialamboly ataonay miaraka matetika.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RPA :*** Manentana ny fianakaviana mba hilomano ao anaty ny tontolon'ny spaoro indrindra ny spaoro ho an'olon-tokana. Mba hahafahana miaro tena sy misitraka fahasalamana.



Toy izao no ambiansin'ny fianakaviana rehefa mitsena na manatitra ny maherifo eny amin'ny seranampiaramanidina Ivato.

**Rabenaivo**

Judo - Tompondakan'i Afrika

# Hanainga anio ny delegasiona malagasy



Miandrandra an-dry Laura Rasoanaivo ny mpiray tanindrazana rehetra amin'ity.

Raha tsy misy ny mety ho fiovana amin'ny ora farany, anio no hanainga ny delegasiona malagasy, hiatrika ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika, tanterahana any Ejypta, eo amin'ny taranja Judo. Ny zoma lasa teo vao afa-nisioka ny FMJ rehefa nahazo ny tapakilam-piaramanidina 3 avy amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena. Rehefa nanapaka izy ireo dia atleta 2, Laura Rasoanaivo sy Razafindrakalo Natacha no handeha amin'ireo tapakila roa ary ny Tale Teknika Nasionaly, Mamy Randriamasinoro kosa no handeha amin'ilay tapakila iray, izay sady hitarika ny delegasiona no hanazatra ny ekipam-pirenena. Ankoatra izay, handray anjara ihany koa ilay Malagasy mila ravinahitra any Frantsa, Christiane Vital, ka avy hatrany dia hamonjy any Ejypta ny tenany. Azo lazaina, fa vaovao tsara ho antsika Malagasy izao, satria dia fifaninanana ngezabe izy ity, ka ankoatra ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, tafiditra amin'ny fifanintsanana hiadiana tapakila handehanana any amin'ny Lalao Olympika 2024 koa izany. Manana Judokas tsara toerana ary anatin'ny hazakazaka ho amin'izany i Madagasikara, amin'ny alalan'i Laura Rasoanaivo, izay efa kely sisa dia hahazo azy ity. Ankoatra izay, tena ilain'ny judokas hafa ny miatrika ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika ity, ka antenaina fa tsy hitsanga-menatra na i Natacha na i Christine Vital mandritra izany.

**Rabenaivo**

Kitra - "Telma Coupe de Madagascar"-1/16n-dalana

# Nomontsanin'ny USCAFOOT 9 no ho 1 ny Viva Fc

Niditra tamin'ny dingan'ny 1/16n-dalana tamin'ny faran' ny herinandro teo ny fifaninanana "Telma Coupe de Madagascar", taranja baolina kitra. Lalao maro no voalahatra tamin'izany, ka anisan'ny tena nisongadina ny nanamontsanan'ny Uscafoot, tamin'ny isa 9 no ho 1 ny ekipan'ny Viva Fc. Azo lazaina tsy nifandanja ity fihaonana ity ary toy ny nanao fanazarantena fotsiny ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra nandritra izany. Teo amin'ny vokatra hafa, Lavon'ny CFFA, tamin'ny isa mazava 3 no ho 0 ny Mi20, ny Disciples Fc ihany koa dia tsy niahotra raha nanilika ny As Sainte Anne avy etsy Bongatsara, tamin'ny isa 2 no ho 0. Fihaonana tena niady kosa ny teo amin'ny Inate Fc Rouge sy ny Réquin bleu ka efa tany amin'ny fandakana "t-à-b" 4 no ho 2 vao tafavoaka teto ny ekipan'ny Inate Fc Rouge. Tamin'ny isa 1 no ho 0 kosa no nivoahan'ny Elgeco plus ho mpandresy raha nifanandrina tamin'ny Toulon Fc. Efa miditra antsehatra avokoa moa ireo klioba vaventy, mifaninana any amin'ny Pureplay football, ka saika tafavoaka avokoa aloha izy ireto hatreto. Raha ny kalendrie rahateo, tsy mbola nisy ny fihaonana mivantana teo amin'izy ireny fa saika ireo klioba tafavoaka tany amin'ny dingana tany aloha no nifanehatra taminy. Andrasana indray izany ny fandaharan-dalao any amin' ny ampahavalon-dalana, izay azo antoka, hanomboka hidona amin'izay izy ireny. Mbola misy koa anefa ireo klioba apetraka ho bitika tafita amin'izany dingana iznay, ary mety hampitsimbadika ny kajikajy ihany izy ireny.

**Rabenaivo**



## TSIPAKA

Lasa ihany ny ekipampirenena malagasy, niatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny taranja Judo sy ny Tennis de table.


**Handeha tsy handeha!**

Saika efa fomba fanao mahazatra eto amintsika ilay miandry amin'ny ora farany hatrany rehefa manao zavatra. Hita ary tena iainan'ny mpanao fanatanjahantena ihany koa izany indrindra rehefa handeha hivoaka any ivelany, handray anjara amin' ny fifaninanana iraisampirenena izy ireny. Ho antsika dia tsy ny mpifanandrina matetika no mampatahotra fa ny ho lasa sa tsy ho lasa ! Mampalahelo tokoa ny mahita azy ireny, izay efa manao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fanomanana sy fanazarantena. Ny tena henjana sy mafy, ary fantatry ny rehetra fa tsy misy fahagagana izany ny spaoro, mila manomana tsara sy maka fotoana maharitra ihany koa fa tsy hoe vao mandray anjara dia hahazo medaly volamena na ho lasa eny amin' ny tendron'i Afrika sy manerana an'izao tontolo izao izany. Tsorina, misy fiatraikany lehibe amin'ny mpanao fanatanjahantena hiatrika fifaninanana iraisam-pirenena ity "handeha tsy handeha" lava ity. Izay rahateo no mahatonga ilay hoe "mis au vert" mba hanan'izy ireny fifantohana. Ny antsika, ankoatra ny vola hapetraka amin'ny fianakaviany raha efa manambady aman-janaka ilay atleta dia mbola olana ngezabe sedraina ilay hoe ho lasa sa tsy ho lasa. Ny any amin'ny toerampiasany koa anefa tsy maintsy arindra sy alamina tsara amin'ny fakana "congé". Raha sanatria anefa tsy lasa tampoka dia voa roa ihany, sady tsy lasa no nanapaka asa. Enga anie ka tsy izay miandry farany izay koa no nahavoa ny kianja Barea, izay tsy nahazo ny fankatoavana tamin'ny Kaonfederasiona. Efa nomen'ny CAF fepotoana tanatin'ny volana maro ny FMF hanamboarana ireo teboka maromaro saingy tsy nihetsika isika ka dia iny nilatsaka iny ny fanapahankevitra. Ankehitriny, nilaza ny solontenan' ny fitondram-panjakana sy ny avy ao amin'ny FMF fa hovitaina anatin'ny fotoana fohy izany, izay nanaitra ny mpanara-baovao ihany hoe, hay ve afaka natao ihany ilay izy fa varimbariana sa niandry ilay farany foana, saingy tsy nody ventiny kosa tamin'ity fa nangeroka ho an'ny mpankafy ny taranja baolina kitra.

**Rabenaivo**

Tennis - "ITF Tennis World Tour J30"

# Norombahin'i Miotisoa Rasendra ny anaram-boninahitra




Nanandratra avo ny voninahi-pirenena tatsy Abidjan Côte d'Ivoire i Miotisoa Rasendra.




Ilay Malagasy, Miotisoa Rasendra no nandrombaka ny anaram-boninahitra tamin' ilay fifaninanana "ITF Tennis World Tour 30", notanterahina tany Abidjan Côte d'Ivoire, taranja Tennis. Nandritra ny lalao famaranana natao ny faran'ny herinandro teo dia resiny tamin'ny seta 2 no ho 0(6/4-6/4) ilay Rosiana, Tamara Ermakova. Azo lazaina ho nisongadina ity solontenantsika ity nandritra izany ary nampisehoany fa manana ny toerany amin'ity taranja Tennis ity Madagasikara aty Afrika sy manerana izao tontolo izao izy. Tsiahivina fa teratany rosiana io resiny tamin'ny lalao famaranana io. Tafiditra anatin'ireo "circuit" karakarain'ny ITF rahateo izy itony, ka afaka mandray anjara avokoa ireo mpilalao maneran-tany. Tsy tapitra hatreo ny fifaninanana ho an'i Miotisoa Rasendra, fa anio dia efa hiatrika ilay "ITF Tennis World Tour J60" avy hatrany ny tenany, fifaninanana tanterahiina ao Abidjan Côte d'Ivoire hatrany. Mirary soa ho an'i Miotisoa Rasendra solontenantsika mba tsy hitsanga-menatra hatrany amin'ny fiarovana ny voninahi-pirenena, izay azo antoka fa efa ao anatiny.

Rabenaivo

Lomano - "Vive l'avenir"/ Andiany faha-12

# 307 ireo mifaninana tetsy Ampefiloha

Mpilomano miisa 307 avy amin'ireo ligim-paritra 5 (Analamanga, Vakinankaratra, Boeny, Atsinanana, Bongolava) no nandray anjara tamin'ny andiany faha-12 ny "Vive l'avenir", taranja Lomano. NambarandRamatoa Mbolatiana Ratrimo, filohan'ny klioban' ny Assm mpikarakara, fa "challenge ho anay hatrany ny fikarakarana na tamin' ireo andiany teo aloha aza, ary miezaka manao ny tsara foana","tsy mahavita tena irery anefa izahay fa eo ny fanohanan'ireo ray amandreny ao amin'ny klioba". Niezaka nanasa ireo mpilomano fahiny tao amin'ny St Michel mila ravinahitra any ivelany izahay, hoy hatrany Ramatoa filoha, saingy noho ny fotoana dia tsy afaka ny ho tonga izy ireo. Toy izany koa ny klioban'ny St Leu La Réunion, izay tsy tonga. Ankilany kosa, namaly ny




Nafana ny fifanandrinana teo amin'ireo mpifaninana tetsy Ampefiloha.

fanasana i Muriel sy Michael na dia tsy nandray anjara tamin'ny fifaninanana aza. Niavaka moa ity andiany faha-12 ity, satria dia nahafinaritra ny maso ny ravaka sy haingo tetsy amin'ny dobo filomanosana ANS Ampefiloha. Ankoatra izay, natao tamin'ny alina avokoa ny lalao famaranana, ary azo narahina mivantana tamin'ny fahitalavitra izany. Nampiasaina koa ireo fitaovana fanafanana ny rano tao amin'ny dobo filomanosana ka tsy nisy ny olana ho an'ireo mpilomano. Tsiahivina fa taorian'ny nahavoafidy ho filohan'ny federasiona an'Andriamatoa Roland Mick, filohan'ny klioba St Michel teo aloha, dia tsy maintsy niala izy ka Ramatoa Mbolatiana Ratrimo no nandray ny fitantanana, ary fahombiazana avy hatrany no azony niaraka tamin'ny ekipa mavitrika.

Rabenaivo

Tolona

# Nandraisana fepetra henjana ireo ekipam-pirenena

Taorian'ny tsy fahombiazana azony nandritra ireo lalao fifanintsanana hiakarana amin'ny Lalao Olympika natao tatsy Accra Ghana sy Alexandrie Ejypta dia nandray fepetra hentitra ny federasiona malagasin'ny taranja Tolona. Tapaka fa hitohy tsy tapaka ny fampivondronana, hifandrimbona sy hiezaka hanome ny tsara avy aminy ireo mpanazatra nasionaly notendrena. Tsy maintsy manaraka fampivondronana indroa isaky ny herinandro farafahakeliny ireo atleta"confirmé" na dia tsy misy fifaninanana omanina akaiky aza. Mihatra amin'ireo atleta any amin'ny faritra izany, ka ny DTN no miandraikitra izany. Ankoatra izay, tsy maintsy miakatra aty Antananarivo rehefa misy ny "test". Tsy maintsy mampilaza na mitondra fialan-tsiny amin'ny antony marina sy mazava raha misy ny tsy fahafahana. Tsy mahazo tara mihoatra ny 15mn ary tsy azo ekena intsony ny lanja mihoatra ny 2,5kg amin'ny sokajindanja. Tsy afaka manaraka fampivondronana kosa ireo atleta misy aretina mamindra, toy ny hodipotsy...Raha misy ny tsy manaraka ireo fepetra ireo, dia hihatra aminy ny fampiatoana voafetra araka ny CODIS. Fiatoana voafetra ary tanteraka ihany koa ka homena kopia ny MJS sy ny KOM.

Rabenaivo



Nandray fepetra hentitra ho an'ny atleta mandrafitra ny ekipam-pirenena ny federasiona.

Hand - ASCAF 20 taona

# Makotrokotroka ny fankalazana




Ireo vahiny sy olo-manakaja ary mpanohana nanome voninahitra ny lanonam-panokafana tetsy Ambohipo.

Mankalaza ny tsingerintaona faha-20 nitsanganany ny « Association sportive Scolaire » Ceg Ambohipo(ASCAF), eo amin'ny taranja Handball. Tsy navelan'izy ireo handalo fotsiny izany fa nisy ny hetsika maro hanamarihana azy. Ny asabotsy lasa teo tetsy amin'ny kianja CEG Ambohipo, dia nosantarina tamin'ny "festival handball" izany, nandraisan'ireo ankizy 7 ka hatramin'ny 14 taona anjara. Nambaran'ny filohan'ny klioba ASCAF, fa hampiainiana sady hampisehoana azy ireny ny mahakasika ity taranja ity izany. Ankoatra izany, misy ny fifaninanana "7 Ahila", izay efa andiany fahatelo. Maro ireo klioba mandray anjara amin'izany, toa ny Cosfa, Assm, Ascaf, Ambohipo, Ambolokandrina, Tsiok'Atimo sy ny Souvenir. Ireto farany izay ahitana ireo mpilalao handball sangany fahiny, toa andry Rangita, Ken sy ny maro samihafa. Tonga nanome voninahitra ny lanonam-panokafana ny hetsika moa ny solontenan'ny MJS, ny avy eo anivon'ny federasiona ary ny Airtel mpanohana, izay samy nidera izao ezaka sy finiavan'ny klioban'ny ASCAF mikarakara hetsika toy izao. Miantso ny klioba hafa rehetra ihany koa izy ireo hanao toy izao mba hamerina indray ny fitiavan'ny olona hankafy ity taranja ity. Manohana sy miara-miasa ka nahatongavana amin'izao fikarakarana izao ny Amiral Event, Gascarien photographie, JLH Consulting and Services, Handball club de Kani-kéli H.C.K Mayottes.

Rabenaivo

## Sarisary zary tenany

**Hira**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy masika**




## Masoandro miposaka

**EKSODOSY 10 : 21**

20 Nefa Jehovah nanamafy ny fon'i Farao, ka tsy nandefa ny Zanak' Isiraely izy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Saro-tiana toa landy mohaka ;ka tiana vao misaritaka.**

Difficile à contenter comme un mauvais cocon de soie, quand on veut le dévider (litt. l'aimer) il s'embrouille.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3225**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 3 | | | | | 6 | | |
| 4 | | 8 | | 1 | 2 | | 9 | |
| | | | 6 | | | | | |
| | 9 | | | 2 | | | | 8 |
| | | | | | | 5 | | 3 |
| 1 | | | 4 | | | 7 | | |
| | | | 8 | 9 | | | | 1 |
| | 5 | | | | | | | |
| 8 | | 4 | | 6 | 7 | | 3 | |

Valin'ny laharana **3224**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 7 | 4 | 2 | 3 | 8 | 6 | 5 | 9 |
| 3 | 5 | 6 | 4 | 1 | 9 | 7 | 2 | 8 |
| 8 | 2 | 9 | 7 | 6 | 5 | 4 | 3 | 1 |
| 7 | 4 | 2 | 5 | 8 | 6 | 1 | 9 | 3 |
| 9 | 3 | 5 | 1 | 4 | 2 | 8 | 6 | 7 |
| 6 | 1 | 8 | 9 | 7 | 3 | 2 | 4 | 5 |
| 2 | 6 | 7 | 3 | 9 | 1 | 5 | 8 | 4 |
| 4 | 8 | 3 | 6 | 5 | 7 | 9 | 1 | 2 |
| 5 | 9 | 1 | 8 | 2 | 4 | 3 | 7 | 6 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fahadisoana tamin'ny lasa no varavarana hidirana hiatrehana ny hoavy. Ny alina aza misy hisainana, hoy ny zoky teo aloha.
Koa fotoana kely hisaintsainana sy hanginana no takiana aminao, mba hamahana izao olana mavesatra izao? »
Ny Vetso (03.11.16)

Andry Rajoelina

# Nitokana oniversite vaovao tao Fenoarivo Atsinanana



**Sesilany ny fitokanana zava-bita nataon'ny Filoha Rajoelina.**

Notanterahina tamin'ny sabotsy teo lanonam-pitokanana oniversite vaovao ho an'ny faritra Analanjirofo. Nandritra ny fitondran'Andry Rajoelina dia ity oniversiten'i Fenoarivo Atsinanana ity notokanany voalohany. Misy efitrano fianarana lehibe 6 izy io ary toeram-pianarana informatika sy efitrano fivoriana ary efitrano ho an'ireo mpampianatra, famakiam-boky,…sns. Raha ny angom-baovao dia mahazaka mpianatra 600 hatramin'ny 1 500 ity oniversite vaovao ity, ary manaraka ny rafitra LMD. Teo aloha dia ny renivohi-paritany ihany no ahitana fotodrafitrasa toy izao. Mila mandeha mifindra lavitra ireo mpianatra raha te hanohy fianarana akademika sy fikarohana amin'ny ambaratonga ambony. Noho izany dia natao hamaha ny olan'ny tanora malagasy ny fametrahana an'ity onversitem-panjakana ity. "Mila atao anatin'ny mangarahara sy tsy misy fanavakavahana ny fizarana ny trano. Tsy tokony ho tahaka ny any amin'ny oniversite hafa. Tsy tokony hisy ny « transfert automatique », fa izay mendrika, izay mianatra no mahazo ny trano", hoy ny Filoha tamin'ireo tomponandraikitry ny oniversiten'i Toamasina. Araka ny fantatra dia hisy mpampianatra 3 avy any ivelany izay hampianatra ny lalam-piofanana « *Agro-management, agro-production animale, agro-production végétale, droit public et privé, gestion, commerce et finances* » no ampianarina ao amin'ny oniversiten'i Fenoarivo Atsinanana.

**Ozinina**

Ankoatra izay dia nisy ihany koa ny fitokanana fonja vaovao tao Fenoarivo Atsinanana. Ity toerana dia misy cellule 21, ary mahazaka voafonja 900 raha matory amin'ny fandriana superposé izy ireo. Tsy vitan'izany ihany fa fotodrafitrasa notokanana ihany koa ny ozinina fanodinana letisia ho lasa voankazo maina, na « fruit séché ». Tafiditra anatin'ny tetikasa « ODOF » moa izany.

**Deyland**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 646 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

## Tsaramaso sy poarao

Zavatra ilaina : tsaramaso lena 4 kapoaka, poarao 5 voatetika, voatabia 2 voatetika, tongolo be roa voatetika, poavrao kely 1 voatetika, menaka 3 sotro, sira. Fomba fikarakarana azy : Ampangotrahana ny rano dia arotsaka ny tsaramaso. Asiana sira rehefa malemy. Endandasina ny poarao, ny voatabia, ny tongolo be, ny poavrao, ny sira. Rehefa ketsaketsa ny tsaramaso dia arotsaka ny lasaosy teo ambony. Andrahoina kelikely dia tsy atao ritra.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**20 avril au 26 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andronobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.45 : Salama Va
08.00 : Dessins animés
10.00 : Ankarihary ®
11.00 : Mahery ®
12.00 : Météo
12.10 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.00 : A Votre Santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : Journal International
16.45 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Aventure
23.00 : Journal International
23.45 : Film Action
02.30 : Magazine
05.00 : Série ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

K

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.20 : Kolo Ts'Art ®
14.10 : Tables de Mada
14.30 : Zik Zag ®
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : K-Sport
21.15 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

VIVA

03.12 : Film
04.55 : Christian Music
04.55 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.25 : Culte : Tsara Taiza
05.30 : Malaïka ep 04
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po Série ARROW
08.16 : Série : Série Les Agents du Shield
08.58 : Série : Série Star Wars. The Clone Wars
09.21 : Série : Série Parks and Recreation
09.51 : Film
12.02 : Série k-drama : Série My demon ®
13.12 : Journal : Flash Actus
13.17 : Viva co Prod : Minute Fihariana ®
13.20 : Music : Misy Raha
14.33 : Film
16.20 : Série k-drama : Série My demon
18.00 : Sport : Top Chrono
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.45 : Série comédie : Série TEE TITANS
19.07 : Loterie : BET 261
19.28 : Hafatry ny PDS
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : Film
22.33 : Film
00.21 : Journal : Viva Évènement VM ®
01.01 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.16 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

blueline TV

**09h00 – Histoire : « La Deuxième Guerre mondiale en chiffres »**
Histoire – canal 70 (option monde)

**11h00 – « Sports center »**
ESPN – canal 64 (bouquet découverte)

**13h00 – Culture : « Les trésors de la Bibliothèque nationale de France »** France 5 – canal 15 (option divertissement

**15h00 – Magazine : « Météo à la carte »**
France 3 – canal 13 (bouquet découverte)

**17h00 - Série d'animation : « Jamie a des tentacules »**
Canal J – canal 33 (option famille)

**19h23 - FOOTBALL SERIE A : « ROMA-BOLOGNE » EN DIRECT** BeIN 2 – canal 62 (option sport)

**20h57 – Film : « The mortal instruments : La cité des ténèbres »**
CTV ACTION – canal 85 (option ciné)
De : Harald Zwart.
Avec: Lily Collins, Jamie Campbell Bower, Robert Sheehan.
New York, de nos jours. Au cours d'une soirée, Clary, 15 ans, est témoin d'un meurtre. Elle est terrifiée lorsque le corps de la victime disparaît mystérieusement devant ses yeux... Elle découvre alors l'existence d'une guerre invisible entre des forces démoniaques et la société secrète des Chasseurs d'Ombres. Le mystérieux Jace est l'un d'entre eux.

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

CCOC — Collectif des Citoyens et des Organisations Citoyennes | PRODIGY

# FANAVAOZANA ARA-KAJY MIRINDRA NY SAMPAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA : INONA NO TOMBONTSOA AZON'IREO OLOM-PIRENENA AMIN'IZANY?

**Haitao ara-kajy mirindra, nomerika, informatika, rehefa matahotra ny olom-pirenena fa tsy haharaka ny fandrosoana ara-teknolojia. Manamafy izany fihoarana izany ny filàna ny teknolojia amin'ny fisitrahana ny asa omen'ireo sampan-draharaha-mpanjakana. Vonona ve anefa isika hiatrika ireo zava-baovao rehetra ireo? Misy tamberim-bidy ve raha jerena ny fampiasam-bola goavana natao tamin'izy ireny? Raha heverina fa manamora ny fiainana izany, mety hiteraka fahaverezana sa famoronana asa ve ny fanovàna ara-kajy mirindra?**

Rehefa miresaka momba ny haitao ara-kajy mirindra isika dia miresaka momba ny fanovàna ny fomba fiasa sy ny fahazoana malalaka ireo antotan-taratasim-panjakana sy torohay. Ny sampandraharaham-panjakana manaraka ny haitao ara-kajy mirindra dia azo sitrahina amin'ny alalan'ny aterneto, amin'ny alalan'ny tranokala na fampiasana finday. Efa hatramin'ny fiandohan'ny taona 2000 no nampidirana ny nomerika teto Madagasikara, saingy ny taona 2019 sy 2020 no nanamarika ny fampiharana azy eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana samihafa manerana ny firenena. Anisan'izany ny fanombohana ny tetikasa PRODIGY na Malagasy Digital Governance and Identity Management, tohanan'ny Banky iraisam-pirenena, ary nahazo famatsiam-bola maherin'ny 100 tapitrisa dolara.

Manome fahafahana hahafantatra momba ny sampanasam-panjakana nefa tsy miala ao an-trano ary manamora ny fanarahana ny antontantaratasim-panjakana ihany koa ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra. Fanampin'izany, manamaivana ny mety ho fahaverezan'ny antontan-taratasy izy io, raha jerena ny fisian'ny antontan-taratasy simba, may na very noho ny tsy fitehirizana araky ny tokony izy any amin'ny biraom-panjakana. Zava-dehibe ihany koa ny ady amin'ny kolikoly sy ny fisolokiana, amin'ny alalan'ny fampitoviana ny olom-pirenena rehetra mampiasa ireny tolotra ireny.

## Aiza ho aiza isika ny amin'ny fahafaham-pon'ireo mpampiasa sampandraharaham-panjakana nomerika ?

Ny PRODIGY dia niara-niasa tamin'ny CCOC, firaisaimonim-pirenena misahana ny fanaraha-maso ny fampiasam-bolam-panjakana., nanomboka ny telovolana farany tamin'ny taona 2023, tamin'ny fanatanterahana fanadihadiana momba ny fahafaham-pon'ny mpampiasa ny sampandraharaham-panjakana nomerika. Mpampiasa tolotra sampandraharaha miisa 1200 no nandray anjara tamin'ity fanadihadiana ity. sampandraharaham-panjakana fito (7) no nodinihina voalohany, anisan'izany ny :

**Torolalana**, azo tsidihana ao amin'ny **https://torolalana.gov.mg** , tranonkala manome fanazavana momba ny tolotra omen'ireo sampandraharaham-panjakana malagasy

**Guichet Universel Mahatoky:** tolotra hita ao amin'ny biraon'ny Paositra Malagasy manakaiky kokoa ny olom-pirenena, ahafahan'izy ireo mamantatra ny dingana arahina raha misy raharaha atao eny amin'ny sampandraharaham-panjakana. Hatreto dia efa hita eny amin'ny paositra 67ha, Sabotsy Namehana, Antaninarenina ary Ampefy ny tolotra Mahatoky. Eo am-panatanterahana ny fanapariahana izany eny amin'ny paositra rehetra eto Madagasikara ny Fanjakana ankehitriny.

Ny valin'ny fanadinana ofisialy (CEPE, BEPC, CAE) azo jerena ao amin'ny tranokala **https://www.education.gov.mg**

Ny tranonkala **Orinasa** ao amin'ny **https://orinasa.edbm.mg** izay hahitana ny dingana tokony harahina amin'ny fananganana orinasa eto Madagasikara miaraka amin'ny antontantaratasy rehetra ilaina.
Misy ihany koa ny fahafahana mamorona orinasa amin'ny alalan'ny kajy ampitaindavitra, izay hita ao amin'ny **https://client.orinasa.edbm.mg**


**Ny hetra :**

- Fanambarana sy fandoavana hetra hita ao amin'ny **https://e-hetra.impots.mg**;
- Fahazoana nomerao famantarana araketra sy fijerena ny fizotry ny fandoavanketra amin'ny alalan'ny tranokala **Hetraonline https://hetraonline.impots.mg**;
- Azo atao ihany koa ny mandoa hetra amin'ny alalan'ny « mobile money » ao amin'ny **Hetraphone**:
  > AIRTEL MONEY (*436*8*8#)
  > MVOLA (#111*1*5*7*2#)
  > ORANGE MONEY(#144#3-1-4-1)

**Ny Tahirim-pirenena misahana ny fiahiana ara-tsosialy (CNAPS)**, natokana ho an'ny fitantanana ny fiahiana ara-tsosialy sy ny fisotroan-dronono ho an'ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina. Azo tsidihina ao amin'ny **https://espace.cnaps.mg/** ary manana tolotra telo (3) : **ho an'ny mpampiasa , ho an'ny mpiasa ary ireo natokana ho an'ny mpisotro ronono**.

Anisan'ny mahalavorary ny fametrahana ireo sampan-draharaha ireo ny tohana ara-tekinika avy amin'ny l'Unité de Gouvernance Digitale (UGD), azo tsidihana ao amin'ny dashboard.digital.gov.mg

**Ny tahan'ny tsy fahafaham-po amin'ireo sampandraharaha nanaovana fanadiadiana**




Ireo tranonkala samihafa nohadiadiana dia mikendry sokajin'olom-pirenena samihafa. Nahafa-po tamin'ny ankapobeny ny sehatra mahasahana asa maro, toy ny Torolalana na ny tranonkala Orinasa. Ireo dia tranonkala manome fampahalalana ankapobeny ho an'ny mpisitraka ny sampandraharaham-panjakana rehetra, tsy misy fanavahana. Na izany aza anefa, misy ireo tranonkala naharay fanamarihana miiba avy amin'ny olom-pirenena toy ny sehatra ho an'ny mpisitraka fiahiana ara-tsosialy ao amin'ny tranonkalan'ny CNaPS. Marihana fa tranonkala ilàna fandoavam-bola sy fikarakarana antontantaratasy avokoa ireto farany, ary miantraika kokoa amin'ny asa fiveloman'ny olom-pirenena mampiasa azy.

### Fanatsarana maika ireo tolotra ara-kajy mirindra

Misy tokoa ny tombontsoa raisin'ny firenena amin'ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra, araka ny noresahina teo aloha, raha ny vola ampiasaina amin'ny fanatanterahina izany no resahina. Na izany aza, tokony hitantana izany amin'ny fomba mangarahara sy aradrariny hatrany isika. Ilaina ihany koa ny ezaka fanavaozana ara-teknika maro hapetraka mba hiantohana ny fahombiazan'ireo tolotra ireo sy ho fanomezana fahafaham-po ny mpampiasa azy ireny. Anisan'izany ohatra :

- Ny tokony hanamafisana ny fisitrahana ny aterneto sy ny herinaratra eto Madagasikara, amin'ny sarany izay tokony ho takatry ny fahefamividin'ny maro an'isa sy ny fanamorana ny fahazoana fitaovana informatika;
- Ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fampiasana ny teny malagasy amin'ireny tranonkala ireny mba hisian'ny fifankazahoana tsara kokoa, sady hampiroboroboana ny maha izy azy ny firenentsika;
- Ny fanamafisana ny fiarovana ny angondrakitra manokan'ny mpampiasa ny tranonkala;
- Ny fanamafisana ny fampahafantarana ny fisiana sy ny fampiasana ireo tolotra nomerika ireo. Ny tambajotra sosialy dia fomba mahomby hanapariahana ireo tolotra ireo amin'ny olom-pirenena, saingy tsy tokony hohadinoina ny fanomezan-danja ny serasera manakaiky ny mponina any ambanivohitra sy any amin'ny faritra mitoka-monina.

Fanombohana fotsiny ihany ity fanadihadiana ity. Tokony ampiharina matetika ny fakan-kevitry ny mpampiasa ny tolotra mikasika ny fahafaham-pony. Tena ilaina izany rehetra izany satria mivoatra haingana dia haingana ny teknolojia, izay manaraka ny fitomboan'ny angom-pahalalana sy ny filan'ny olom-pirenena. Toy izany koa, raha jerena ireo fampanantenana maro nataon'ny mpitondra momba ny fanavaozana ny fitantanandraharaham-panjakana sy ny ady amin'ny kolikoly, ireo fepetra rehetra ireo dia hita avokoa fa ilaina maika dia maika


NEW
Shell
FuelSave
Raha solika mandaitra
sy tsara kalitao,
safidio Shell.
G-CL 812/5-1
Ny tombony sy vokatra ho azo dia miankina sy miova araky ny karazan'ny fiara, ny toe-batany sy ny fomba fitondrana azy. Tsy misy antoka omena. Tsidio ny www.shell.mg ho an'ny fanazavana fanampiny.
GO WELL